


FIKIRIZANA

 Miarahaba an'ity mpanatrika mahafinaritra eto ity izao hariva izao, Ranabavy Webster sy Rahalahy Green, ary ny mpanatrika rehetra, ireo mambran'ity fiangonana ity. Tombontsoa ho ahy foana ny tonga ao an-tranon'ny Tompo, ary avy eo, izao hariva izao, ny miverina indray ao amin'ny iray amin'ireo Fiangonany an'i Foursquare.

² Tsaroako, taona maro lasa izay, fony aho tonga voalohany tany Los Angeles. Nandre mikasika an-dRanabavy McPherson aho, saingy efa nihanika an'ireo tohatra volamena izy alohan'ny ahatsongavako eo amin'ilay lalana. Ary rehefa nandeha tany Los Angeles aho tamin'ny voalohany, dia nandeha nankany Forest Lawn. Reko fa nalevina tany izy, dia nandeha aho ka nitsangana teo akaikin'ny fasany, ary nanondrika ny lohako ka nisaotra an'Andriamanitra nohon'ny fiainana mendrika iray. Hatramin'io, dia nahita ny famantaran'i Foursquare aho saika tany amin'ny firenena rehetra izay nandehanako amin'ny maha-misionera. Efa nanana tombontsoa nankao amin'ilay tempoly aho, niandry tao amin'ny efitra fiandrasany. Talohan'ny nandehany nankeo amin'ny polipitra, dia nanana efitra iray izy tany. Ary nipetraka tao aho, hariva maro, raha niresaka tao amin'ilay tempoly, ary nieritreritra an'ireo ora izay tsy maintsy nisaintsainany talohan'ny nidirany teo amin'ny polipitra, ny fahamasinan'ny fisokafan'ny Tenin'Andriamanitra. Ny tonga eto, izao hariva izao, miaraka amin'ny sasany amin'ireo mpanaraka izay miezaka mihazona an'ity hafatra ity ho velona: Andriamanitra anie homba anareo, hitahy anareo.

³ Ary avy eo dia tafaverina miaraka amin-dRahalahy Green, sakaiza sarobidy, malala, Rahalahy sy Ranabavy Green. Ary rehefa tany aho, vao teo, dia nihaona taminy, izaho—noteneniko taminy hoe toy ny ahoana no nankafizako an'ilay hafatra tao anatin'ny hira, indray andro, izay tany amin'ireo mpandraharaha, mikasika ny hoe, *Ny Anaran'I Jesosy*, na zavatra iray, niantsoany azy. Tsy mbola nataon'izy ireo horonam-peo izany. Niteny taminy aho hoe, “Avelao aho ho mpanjifa voalohany,” ilay izy dia tena, hira iray tena tsara tarehy.

⁴ Ary nieritreritra aho fa mety hihira ho ahy izy ireo izao hariva izao rehefa tonga aho, ary—ary ery aoriana ery ny vadiko sy ny zanako mba hihaino an'izany. Ary azoko antoka fa nankafy an'izany koa izy ireo. Ary ny feony dia tsy. . . Mahazatra marina tokoa izany manodidina ny toeranay. Manana maro amin'ireo fandraisam-peony aho. Rehefa mahatsapa ho tena tsy tsara aho, dia miditra aho, manana ny iray amin'ireo fandefasana kapila aho, ary mametraka andiana iray manontolo an'ireo

kapilany aho, ka mipetraka fotsiny ary mihaino azy ireo. Te-hilaza amin'ilay vadiko ery aoriana ery aho, vao avy nahazo betsaka amin'izy ireo aho. Ankafiziko tokoa izy ireo. Izy ireo dia . . . Seranam-pitsaharana iray izy ireo, ny mandre fotsiny an'ireo hiran'ny Filazantsara, ny mahafantatra fa tsy nohiraina avy tamin'ny feo voaofana ara-mekanika izy ireo, fa avy amin'ny fon'ny tena Kristiana iray.

⁵ Niteny tamiko izy fa mbola nanana sasany izy ao izao hariva izao. Tiako ny vadiko, izy ireo, hijery an'izany, mba hahita raha misy ananany ao, ka tsy anananay, ary hahazo antoka ny haka azy ireo. Heveriko fa manana azy ireo ao amin'ny efitrano izy ireo. Ary izy ireo dia . . .

⁶ Fantatrareo, ny zava-dehibe, dia izay heveriko mikasika ny fihirana, tiako izy ireo. Tiako ireo feo voaofana, saingy tsy tiako ny feo voaofana tafahoatra. Noho izany dia jereo fotsiny hoe hafiriana no ihazonanareo ny fofon'ainareo, hany ka manana mangana ianareo eo amin'ny tarehy, ary tsy milaza na inona na inona ianareo na ahoanana ahoana. Fa tiako ny hira pentekotista tsara fahiny, izay isokafanareo fotsiny ka mihira. Izaho—tiako izany. Ary Rahalahy Green dia manana an'izany, izy sy Ranabavy Green. Ary noho izany dia fantatsika fa tohanan'ireo antoko mpihira ireo izany, sy ny sisa. Ary tena tsara ny mahafantatra fa, ireo zavatra ireo, afaka mahazo azy ireo isika.

⁷ Ankehitriny, Rahalahy—izaho sy Rahalahy Green dia nihaona voalohany, mino aho, fa afaka mieritreritra aho, mino aho fa tany Kansas City izany, rehefa nanao an'ireo fivoriana izahay tany taloha. Ahoana fa taloha aho dia nivoaka . . . Hoy izy ireo hoe, “Eny, tsy mbola fotoana ahatongavana izao.” Fa niandry tany ivelany tao anatin'ny fiarako aho, ary te-hahazo antoka ny handre an'io hira io, rehefa izy—nihira izy sy ny anabavy.

⁸ Noho izany dia niteny taminy aho tany, hoy aho hoe, “Matoky aho, fa, indray andro any rehefa miampita ny renirano aho . . .”

⁹ Tiako ny mihira, tena tsara! Ary izaho—tsy afaka mihira fotsiny aho. Izay ihany. Te-hihira foana aho, fa izaho—tsy afaka manao an'izany fotsiny aho. Ary nanandrana nihira hira iray aho taloha tao am-piangonana hoe, “Fivoriana an'ny fanao fahiny ao amin'ny toerana an'ny fanao fahiny.” Nafangaroko izy rehetra. Noraisiko fotsiny ny tanan'ny vadiko rehefa tonga tany an-trano aho, hoy aho hoe, “Malala, tsy hanandrana an'ilay izy intsony aho, mianiana aho.” Alaiko fotsiny ilay . . . nifangaro tanteraka ny olon-kafa rehetra.

¹⁰ Saingy indray andro any dia hihira aho. Ary nieritreritra foana aho, angamba eo amin'ny ilan'ny havoana, izay misy an'ilay—ilay reniranon'Aina mikoriana eo akaikin'ny Seza fiandrianana; rehefa io antoko mpihira lehibe an'ny voavotra

rehetra io, dia ho eo amin'io ilan'ny havoana io ireo feo lehibe, hihira. Manantena aho fa hisy alokaloky ny hazo kely eo amin'ilay ilany hafa. Raha te-hahita ahy ianareo, dia tongava eo fotsiny. Hipetraka eo aho, hihaino azy ireo.

¹¹ Fa rehefa tonga ao an-dapanareo ianareo, indray maraina, ka mivoaka eo amin'ny lavarangan'ny lapanareo, ary lavitra any ho any, any anaty ala, dia misy trano bongo kely naorina any ho any, mivoaha eo amin'ny lavaranganareo fa handre olona iray ianareo hihira hoe, “Fahasoavana mahagaga! tena mamy ilay feo,” hoy ianareo hoe, “Rahalahy Branham antitra no nanao an'izany, satria io izy. Izy—tonga ihany izy amin'ny farany.” Noho izany, ho afaka hihira aho amin'izany. Mandra-pahatongan'izany dia tsy maintsy manao tabatabam-pifaliana ho an'ny Tompo fotsiny aho.

¹² Tsy faly ve isika? Tsy manana zavatra ahiana isika, na inona na inona. Mifikitra ao amin'i Kristy isika, mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra, nakarina tao amin'ny fahasoavan'ny Fampakarana izao ankehitriny izao, mipetraka eo amin'Ny Fanatrehany ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy. Tsy afaka mikasika antsika ny fahafatesana izy tenany. Mifikitra, tsy misy na inona na inona afaka hanelingelina antsika, voaaro fotsiny ary miandry Ny Fihaviany. Ary mankasitraka isika ny amin'izany.

¹³ Ankehitriny, manana dimampolo amby zato mailly hamiliana fiara aho izao hariva izao, ary aorian'ny fotoana. Ary miaraka amin'ny vahoaka betsaka mahafinaritra tahaka an'izao, dia mila fotoana lava iray hanombohana, ary avy eo indroa lava noho izany hijanonana. Ary noho izany dia hiezaka ny hiditra avy hatrany aho hilaza an'izay kasaiko lazaina, haingana araka izay azo atao. Tiako ny hisaotra ny pasitera, ireo mpiara-miasa sy ny rehetra, noho ity fanararaotra ahatongavana eto ity, mba hanome ny fijoroako vavolombelona momba ny Fahasoavany izao hariva izao, ato amin'ity fiangonana mahafinaritra ity.

¹⁴ Niakatra aho, fotoana vitsy lasa izay, teo amin'ny South Mountain, nandinika tsara ny lohasaha. Nieritreritra an'ireo dimy amby telopolo taona lasa aho fony aho niditra voalohany tao amin'io lohasaha io. Ahoana fa nitombo ity tanàna ity, vao nihitatra nanerana ny Maricopa Valley rehetra fotsiny eto. Arak'izay ahafahanareo mahita mihitsy, ny tanàna. Nipetraka teo aho niaraka tamin'ny vadiko, dia hoy aho hoe, “Fantatrao, malala, angamba teo amin'ny telonjato taona lasa izay, tsy nisy na inona na inona nihazakazaka teto afa-tsy ireo alikadia sy lambo, sy ny sisa, nanerana an'ilay faritra. Ary avy eo dia tonga ny olona ka nanomboka nanorina. Avy eo dia nanomboka niparitaka ny fandrosoana. Avy eo dia tafapetraka ny fahotana sy ny herisetra.”

¹⁵ Nieritreritra aho hoe, “Tsy ho toerana iray mahafinaritra ve

ity?” Nieritreritra foana aho fa indray andro any dia ho tiako ny hipetraka any Phoenix. Ary tamin’izay fotoana izay aho... nijery an’ilay lohasaha, saiky afaka aho, tao am-poko, nahatsapa te-hitomany, hoe ho toerana iray tsara tarehy toy ny inona izy raha teto izy tsy nisy fahotana.

¹⁶ Ahoana fa nalain’izy ireo fotsiny ilay tany efitra ka navadiny izany ho—ho toeram-ponenana! Androany dia namily fiara nanodidina ny tampon’i Camelback izahay, trano maha-teho tia any, saika toy ny hoe miditra ao paradisa ianareo. Ary noho izany dia ho tsara tarehy izy, saingy ny fahotana no eto hatraiza hatraiza: fitobahan’ny whisky, fahalotoampitondrantena, ny zavatra rehetra izay ratsy fotsiny, ny karazana fitaovana rehetra, sy fandriky ny fahavalo, mba hamandrika ny fanahin’olombelona.

Hoy ny vadiko hoe, “Nahoana àry ianao no eto, ry Billy?”

¹⁷ Hoy aho hoe, “Malala, mainty ilay izy. Saingy, fantatrao, misy, manerana an’io aizina rehetra eo ambany eo io, dia misy pentina kelin’ny Hazavana. Ilay nofidian’Andriamanitra izany. Ary eto aho hametraka ny soroko miaraka amin’ny azy ireo, hametraka ny foko miaraka amin’ny azy ireo, ny feoko miaraka amin’ny azy ireo, ary miantsoantso mafy manohitra an’ilay aizina.”

¹⁸ Izany no maha-eto Phoenix ahy indray. Andriamanitry ny Lanitra anie hanampy antsika. Ary rehefa mifarana ny hariva, ary mandeha manerana ny tanàna ny fivoriana kelintsika, mitety fiangonana, eo anivon’ireo anaram-piangonana rehetra an’ny Filazantsara feno, ary mifarana amin’ny fivorian’ny lehilahy mpandraharaha ao amin’ny Ramada izy ireo, dia matoky aho fa hamela marika iray eto isika, izay hidika fa tao amin’ilay Hazavana kely izay niparitaka, dia fanahy maro no habita an’i Kristy, olon’ny finoana maro marary no ho sitrana. Efa manomboka mahita isika, maneho an’ireo vokatra.

¹⁹ Ary matoky aho, izao hariva izao, raha hisy anankiray hiditra ato izao hariva izao, eo ambanin’ity fiahian’ny—ny fialofan’ity toerana ity, fa hisy zavatra ho voalaza ao amin’ilay hira, fijoroana vavolombelona, na famakiana ny Teny, na zavatra iray, izany dia hahatonga anareo hivoaka ny varavarana ho olona iray hafa noho ny nidiranareo. Ampio izahay rehetra hanao an’izany.

²⁰ Ary ankehitriny alohan’ny hanatonantsika ny Teny, dia ndao isika hanatona an’ilay Mpanoratra amin’ny alàlan’ny vavaka. Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny. Miaraka amin’ny lohantsika sy ny fontsika miondrika eo anatrehan’Andriamanitra, hisy fangatahana iray ve eo anivon’ny olona izao hariva izao, hoe manana zavatra manokana ianareo izay tianareo angatahana hanampian’ny Tompo anareo? Atsangano fotsiny ny tãananareo. Ary ao am-ponareo ambany

ao, manaova hoe, “Tompo, Fantatrao hoe inona izany.” Misaotra anareo. Andriamanitra hitahy anareo.

²¹ Ry Rainay any An-danitra, tonga amin'ilay Anarana ampy tanteraka izahay ankehitriny, ny Tompo Jesosy, mahafantatra an'izao hoe Izy no nampanantena hoe, “Raha mangataka zavatra amin'ny Ray amin'Ny Anarako ianareo, dia ho ekena izany.” Tonga izahay, aloha, hiaiky fa diso izahay. Nanao ratsy izahay. Ary tsy misy tsara ny iray aminay, tsy misy anankiray. Ary tonga izahay miaiky ny fahotanay, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Mangataka famelàna izahay.

²² Ary Hitanao ireo tànan'ny olona, izay nitsangana izao hariva izao, ary Fantatrao izay tao ambanin'izany tàna izany, izay nilain'izy ireo. Ary manolotra ny fivavako miaraka amin'ny azy ireo aho, mametraka an'izany eo amin'ny Alitaranao, ary mangataka famindram-po, mba Ianao, Tompo, hanome famindrampo, ka hamaly ny fangatahana tsirairay sy ny rehetra.

²³ Te-hisaotra Anao izahay noho ity fiangonana ity, noho ireo pasiterany, ary nohon'ny laïka rehetra, sy ireo diakona rehetra sy ireo mpitantan-draharaha, ary ny rehetra izay tonga. Tahio izy ireo, Tompo. Ary fantatray fa ho very maina tanteraka ny fivorianay sy ny fahatongavanay miaraka, raha tsy nihaona taminay Ianao.

²⁴ Noho izany dia mivavaka izahay, Ray any An-danitra, mba hanananay antoka ankehitriny fa miaraka aminay Ianao. Manohiza, O Tompo, mba hiaraka aminay mandritra ny hariva. Ampio izahay. Raha hisy, sendrasendra, ireo izay tonga avy eny an-dàlambe, na ireo fefy sy ny sakelidàlan'izao tontolo izao, izay efa, tao amin'ny fiainany, tsy niraika Taminao, dia enga anie ity no ho hariva izay hilazan'izy ireo an'ilay “eny” ampy tanteraka amin'Andriamanitra, ary hanolo-tena, hanolotra ny tenany ho an'i Jesosy Kristy.

²⁵ Raha misy marary eto anivonay, Tompo, Ianao no Mpitsabo lehibe Izay tsy nahavery toe-javatra iray mihitsy.

²⁶ Mieritreritra ny andro izay iainanay izahay, rehefa mandrakotra ny tany ny aretina sy ny aizina. Saingy mieritreritra indray izahay hoe rehefa nitarika ny Vahoakanao Ianao, Mosesy no nitondra azy ireo nivoaka an'i—an'i Egipta, nitondra azy ireo nankany amin'ilay tany nampanantenaina, ary nanerana an'ilay dia rehetra nandritry ny efapolo taona, ary rehefa niditra tao amin'ilay tany nampanantenaina izy ireo dia tsy nisy anankiray nalemy teo anivon'izy ireo.

²⁷ Mpitsabo firy izao hariva izao no te-hijery an'ilay taratasim-panafody izay nananan'i Mosesy, izay nihazona an'ireo olona rehetra ireo ho salama nandritry ny efapolo taona. Ary, kanefa, tsy Nafeninao izany. Nampahafantarinao anay rehetra izany, ary voasoratra eto amin'ireo pejy izany, tena tsotra. “Izaho no Tompo izay manasitrana ny aretinao rehetra.” Enga anie izahay

hahafantatra an'izany izao hariva izao, Tompo, ireo marary sy manana ilaina, ary hahafantatra fa tsy misy aretina iray ka tsy Ianao no fanafody, ilay fanafody roa.

²⁸ Tahio ny famakiana Ny Teninao. Ary enga anie ny fonay ankehitriny ho tonga eo amin'ny zava-dehiben'ny fivoriana. Avy amin'ny fonay feno fifaliana nohon'ny hiran'ny Filazantsara, sy ireo fijoroana vavolombelona, sy ny sisa, dia tena mankasitraka mihitsy izahay. Ankehitriny enga anie izahay hihaino Ny Teninao. Ary miresaha aminay, Ray, ka tahio ireto naoty vitsivitsy izay nomanina ho an'ny hariva ireto, fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany sy ho an'ny Voninahiny izahay. Amena.

²⁹ Betsaka ny olona izay, tonga amin'ny fivoriana, tia mandray naoty foana an'izay ho lazain'ny mpitoriteny iray, na vakiany avy amin'ny Soratra. Ary raha manao an'izany ianareo, dia tiako ianareo hamadika miaraka amiko izao hariva izao ho an'ny famakiana kely iray fotsiny hita ao amin'ny Bokin'ny Filazantsaran'i Masindahy Matio, ny toko faha-15, ny andininy faha-21 ka hatramin'ny faha-28. Iza no hovakiako.

Dia niala teo Jesosy, ka nankany amin'ny sisin-tanin'i Tyro an'i Sidona — Sidona.

Ary, indro, nisy vehivavy anankiray avy any Kanana nivoaka avy tamin'izany tany izany, ka niantsoantso azy hoe, . . . Mamindrà fo amiko, O Tompo, ianao ry zanak'i Davida; ampahorin'ny devoly loatra ny zanakovavy.

Fa tsy namaly teny iray azy izy. Ary nanatona ny mpianany ka nangataka taminy, nanao hoe, Roahy izy; fa miantsoantso ao aoriansika izy.

Fa izy namaly ka nanao hoe, Tsy nirahina afa-tsy ho amin'ny ondry very amin'ny ankohonan'Isiraely aho.

Dia nanatona izy ka niankohoka taminy, ary nanao hoe, Tompo, vonjeo aho.

Fa izy namaly ka nanao hoe, Tsy mety amiko ny maka ny mofon-jaza, ka dia manipy an'izany ho an'ny alika.

. . . hoy izy hoe, Marina, Tompoko: kanefa ireo alika dia mihinana . . . an'ireo sombintsombiny izay latsaka avy amin'ny latabatry ny tompo.

Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe, O ravehivavy, lehibe ny finoanao: tongava aminao arak'izay irianao. Dia sitrana tamin'izay ora izay mihitsy ny zananivavy.

³⁰ Raha hiantso an'ity ho lahateny iray aho, dia tiako ny hiresaka vetivety fotsiny, na mandritra ny minitra vitsy, raha ny marina, eo amin'ny lohahevitra hoe: *Fikirizana*.

³¹ Nieritreritra aho, satria Rtoa. McPherson sy ny fiangonana dia nanohana tena tamim-pahasahiana ny fanasitranana avy

amin'Andriamanitra, ary tsy afaka mitory ny Filazantsara feno isika raha tsy mitory ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, satria ampahan'ny Filazantsara izany.

³² Tsaroako, fony aho zazalahy kely iray, namaky lahatsoratra iray tao amin'ny iray amin'ireo magazina, *Life* na *Look*, na ny iray amin'ireo magazina ireo. Ankizilahy tanora iray fotsiny aho. Nisy tamin'izy ireo nanamaivana an-dRtoa. McPherson, tamin'ny fitoriana ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ary nilaza izy ireo fa izy dia nanana fi—fitaka iray izay nataony. Hoy izy ireo, “Ireo vehivavy izay voan'ny goatra; dia nasiany paingotra iray teo ambanin'ny rantsan-tàny, ary nametraka balaonina tao ambanin'ny akanjony ireo vehivavy. Avy eo dia nametra-tànana teo amin'ilay vehivavy Rtoa. McPherson, nanatsofoka an'ilay paingotra tao amin'ilay—ilay balaonina, ary nanafisaka an'ilay balaonina.

³³ Mpanota iray aho, saingy nanana saina tsaratsara kokoa noho izany, ny mieritreritra zavatra tahaka an'izany. Raha ilay paingotra no nanindrona an'ilay balaonina, dia ho nipoaka izy. Noho izany dia hoy aho hoe, “Tsy isalasalana fa miaritra fanenjehana io vehivavy io.” Ary noho izany, hatramin'ny nahalasa ahy ho mpiasa iray tao amin'ny tanim-boaloboka, dia fantatro izay tsy maintsy niaretany. Manohana ny fahamarinana, dia halan'ny fahavalo foana ianareo.

³⁴ Ny teny hoe *mikiry* dia midika hoe, heveriko, araka ny Webster, “maharitra.” Ny *mikiry*, “maharitra amin'ny fanaovana tanjona iray.” Ary ny olona tsirairay eto an-tany, na izay hany efa teto an-tany, izay hany nahavita zavatra, dia nanana... izay nahatanteraka zavatra, dia tsy maintsy nikiry. Tsy maintsy manana antoka ianareo, aloha, an'izay amikiran'ny finoanareo.

³⁵ Ankehitriny, ny finoana dia tsy zavatra iray fotsiny izay tena mora mitsingevana, ary karazan'ny... isika dia hiantso azy, amin'ny fiteny eny an-dàlambe hoe, hocus-pocus. Ny finoana dia afaka manana fotsiny ihany ny—ny toerany tsara rehefa apetraka amin'ny zavatra iray izay mifahatra izy.

³⁶ Raha niteny taminareo aho mba handeha ka hametraka ny tànanao eo amin'io hazo io ary ho sitrana ianareo, dia afaka hisalalana an'izany ianareo. Noho izany, nahoana? Tsy manana fototra amin'ny zavatra iray isika. Ny teniko fotsiny ihany no anananareo. Ary raha niteny taminareo aho fa ny misasa amin'ny rano anankiray eto ao amin'ilay—ao amin'ilay lohasaha dia hitondra fahasitranana ho anareo, izany dia hiankina amin'ny halehiben'ny fahatokisana anananareo amiko.

³⁷ “Ary ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana.” Fandrenesana inona? “Ny Tenin'Andriamanitra.”

³⁸ Noho izany, raha Tenin'Andriamanitra *Ity*, ary izany *Izy*, izay Ampianarin'ny dia afaka miantehitra amin'izany isika. Tsy afaka miova Andriamanitra. Andriamanitra dia tsy maintsy mitoetra

ho Andriamanitra mandrakizay. Ny Teniny dia tsy maintsy marina mihitsy ao amin'ity taona ity tahaka Azy hatramin'izay tao amin'ny taona rehetra.

³⁹ Ankehitriny, manam-petra isika. Afaka milaza zavatra iray isika amin'ity taona ity, ary angamba rahampitso mihitsy aza dia tsy maintsy manova an'izany. Satria, tsy mahazo antoka loatra isika, satria manam-petra isika. Manombatombana fotsiny isika. Ary *manombatombana* dia midika hoe “manao zavatra ampahasahiana tsy misy fahefana.”

⁴⁰ Fa rehefa milaza zavatra iray Andriamanitra, dia tanteraka izany. Tsy mila manova an'izany Izy. “Abrahama dia tsy niahanahana tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny tsi-finoana; fa nahery izy, nanome dera an'Andriamanitra, satria fantany fa Izy dia nahay nanatanteraka, na nihazona, na nanao an'izay Nampanantenainy.” Noho izany, raha hany antsoina ho eo amin'ny sehatra Andriamanitra ho an'ny fanapahan-kevitra iray, ary ny fanapahan-kevitra izay raisin'Andriamanitra, voalohany, dia tsy maintsy mijanona ho tsy miova mandrakizay. Tsy afaka hiova mihitsy izany. Tsy azo ovaina izany, satria tsy manam-petra Izy. Ary ny zavatra rehetra izay tsy manam-petra dia tsy nanana fiandohana iray mihitsy na fiafarana iray. Noho izany dia tsy afaka misintona an'izany Izy amin'ny taona manaraka, ka manao hoe, “Diso Aho.”

⁴¹ Ary noho izany raha izany no Fanapahan-keviny, amin'izay fotoana izay ny olona rehetra izay manao an'io iray ihany io, ah, tonga eo amin'io fanapahan-kevitra iray ihany io izay noraisin'Andriamanitra ho an'ny olona anankiray eo amin'ny fototry ny finoany, mba hino an'izany, dia tsy maintsy manatanteraka an'io zavatra iray ihany io Izy isaky ny mino an'izany ny olona iray. Andriamanitra dia tsy maintsy mihetsika, isan'andro, amin'ny fomba izay Nihetsehany tamin'ny voalohany, fa raha tsy izany dia nihetsika ratsy Izy tamin'ny voalohany. Ary iza no afaka hiampanga an'Andriamanitra ho nihetsika ratsy? Tsy maintsy mijanona amin'ny Fanapahan-keviny mandrakariva Andriamanitra.

⁴² “Raha mety mino ianao!” Ankehitriny, mba hahavitana zavatra iray, dia tsy maintsy mametraka tanjona iray ianareo ka manao hoe, “*Ity* no inoako,” ary mamatotra ny tenanareo amin'izany, ary manohy mandroso, manatona akaiky kokoa an'izany, mahafantatra fa ianareo dia...eo ilay izy, mahafantatra fa misy zavatra eo izay hatoninareo.

⁴³ Tahaka ny voalaza, ilay zazalahy kely niaraka tamin'ny papango, nihazona ny tady teny an-tànany. Hoy izy, hoy ilay lehilahy hoe, “Inona no hazoninao, anaka?”

Hoy izy, “Ny papangoko.”

Hoy izy hoe, “Tsy mahita afa-tsy tady iray aho.”

Hoy izy hoe, “Saingy misy papango iray eo amin’ny tendron’izany.”

Niandrandra ilay lehilahy, nanao hoe, “Tsy hitako ilay papango.”

Hoy ilay zazalahy kely hoe, “Na izaho koa aza.”

Hoy izy hoe, “Eny, ahoana no ahafantaranao fa manana papango iray ianao?”

Hoy izy hoe, “Afaka mahatsapa azy misintona aho eo amin’ny tendrony.”

⁴⁴ Eny, tahaka an’izany ny finoana. “Ny finoana no fahatokiana an’ireo zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita maso.” Raha mbola mametraka ny finoanareo eo amin’izany foana ianareo, ary avy eo mamikitra eo amin’izany, dia ho tonga eo amin’izany ianareo. Tsy mampaninona raha tsy afaka mahita azy ianareo, na tsia, fantatrareo fa eo izany na ahoana na ahoana. Ianareo misintona azy, ary izy misintona anareo. Ary ny olona rehetra izay hany nahavita zavatra mendrika, dia nametraka tanjona iray, ary avy eo dia naharitra, nikiry, mba hanao an’izany: olona malaza.

⁴⁵ George Washington, “ny rain’ny firenentsika,” no iantsoana azy, rehefa tonga tany Valley Forge izy, rehefa nivavaka nandritra ny alina manontolo izy, mandra-pahatonga azy ho kotsan’ny oram-panala, hatreo ambonin’ny valahany, nandohalika tao anatin’ny oram-panala, niampita an’i Delaware izy ny ampitso maraina, feno ranomandry. Nahoana? Nikiry izy. Nahazo ny valiny izy. Tsy misy na inona na inona hitsangana eo amin’ny lalany. Na dia bôsikety telo na efatra aza . . . nandalo teo amin’ny palitaony ireo bala, saingy tsy nandratra azy mihitsy izany. Miezaka izy . . . Te-hahavita zavatra iray izy, ary nivavaka teo amin’izany, ary nikiry izy. Tsy nisy na inona na inona nitsangana teo amin’ny lalany.

⁴⁶ Azonareo eritreretina ve i Noa tamin’ny androny, nikiry toy ny ahoana i Noa? Ankehitriny, mpamboly iray fotsiny izy.

⁴⁷ Ary niaina tamin’ny andron’ny fikarohana siantifika lehibe kokoa izy ireo, angamba, noho izay ananantsika amin’izao andro izao, satria tamin’izany andro izany dia nanorina pyramida izy ireo. Ary raha misy aminareo efa nanana tombontsoa nankany amin’ilay pyramida goavana Egyptiana ka nahita an’ilay Sphinx sy ny sisa, nahoana, mahagaga ho jerena izany. Ahoana no mba nampakaran’izy ireo an’ireo vatobe ireo eny amin’ny habakabaka tany, saiky ho vondron-tanàna iray ny haavony, milanja an’arivony taonina izy ireo! Tsy afaka mamokatra an’izany indray isika amin’izao andro izao. Tsy mahazo isika. Nanana zavatra izy ireo.

⁴⁸ Nanana loko izy ireo. Nanana zavatra azon’izy ireo nanosorana vatana iray ireo, izay hanao azy ho tahaka

ny tena ara-boajanahary mandritra ny an'arivony taona. Tsy manana an'ireo zava-kanto ireo isika, fandokoana, sy ny sisa, izay nananan'izy ireo; taona siantifika lehibe iray.

⁴⁹ Fa indray andro, raha i Noa mbola tany—tany antsaha, angamba nanamboatra ny vokany, dia niseho taminy Andriamanitra ka niteny taminy hoe, “Miomàna ho an'ny famonjena ny ankohonanao, ary manamboara sambofiara iray. Ary ho avy ny orana.”

⁵⁰ Ankehitriny, fantatsika rehetra fa, ny tontolo talohan'ny safo-drano, dia tsy nisy orana mihitsy. Ary ankehitriny, izany dia tsy nifanaraka tamin'ireo mpandinika siantifika tamin'izany andro izany. Nifanohitra ny Hafany. Tsy isalasalana fa afaka nanatona azy ireo siantifika manan-tsaina ka nanao hoe, “Ankehitriny, jereo eto, Atoa. Noa. Ankehitriny dia manana fitaovana izay ahafahanay mitifitra ny volana izahay, ary afaka manao an'ireo fikarohana siantifika rehetra ireo. Ary tsy misy rano any ambony any. Ary ahoana no hisian'ny rano hidina avy any, nefa tsy misy rano hidina any ambony any? Adala ianao. Manao zavatra izay tsy misy na inona na inona ianao. Tsy misy rano any ambony any.”

⁵¹ Fa afaka nilaza i Noa hoe, “Andriamanitra no nilaza fa ho avy ny orana, dia milamina hatreo izany. Andriamanitra no niteny an'izany.” Roapolo amby zato taona, no naharetany teo anatrehan'ny tontolo siantifika tamin'ny androny, mbola nilaza foana fa marina ny Hafany satria avy tamin'Andriamanitra Izany. Nanana tanjona iray hotanterahina izy. Nanana Hafatra iray hokarakaraina izy, ary naharitra izy teo am-panaovana an'izany. Tsy mampaninona izay nolazain'ny sisa tamin'izao tontolo izao, nandre avy tamin'Andriamanitra i Noa. Izay ihany no zava-dehibe taminy. Efa nandre an'ilay Feo izy. Azony antoka fa Andriamanitra Izany, ary nanomana zavatra izay toa tena adaladala amin'izao tontolo izao izy. Fa, kanefa, fantatr'i Noa fa hihazona Ny Teniny Andriamanitra.

⁵² Tsy tokony ho lesona iray ho antsika ve izany androany, ilay ora? Araka ny nolazain'i Jesosy hoe, “Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona.” Hafatra iray izay adaladala amin'izao tontolo izao, tsy azon'izy ireo Izany, kanefa ireo izay nifandray tamin'ny Fanahy Masina, dia mahafantatra fa hiverina indray Izy.

⁵³ Toa hitako ireo olona raha nangoraka an'i Noa antitra mahantra izy ireo, mikasika ny hoe famalifaliana firy no tsy hitany, ary an'izao tontolo izao sy ireo zavatra izay miseho. Fa i Noa, mbola naharitra foana, dia nanohy nihazona tsara.

⁵⁴ Indray andro dia hoy Andriamanitra tamin'i Noa hoe, “Eny àry, efa nahavita ny anjaranao ianao ankehitriny. Midira ao anatin'ny sambofiara ankehitriny, ianao sy ny ankohonanao.” Ary ny...Nahamarika an'ireo—ireo vorona

nanomboka nanidina niditra, ary—ary ireo biby nanomboka niditra, tsiroaroa. Niditra i Noa sy ny fianakaviany.

⁵⁵ Ary misy foana ireo mpino mpanara-driandrano, izany no iantsoako azy ireo; ireo olona izay ho tonga ao am-piangonana, hankafy hafatra iray angamba izy ireo avy amin'ny antoko mpihira na avy amin'ireo mpihira, avy amin'ilay mpitoriteny, na fijoroana vavolombelona iray. Hankafy an'izany izy ireo, saingy, ny miditra sy ho ampahan'izany, dia tsy hanao an'izany fotsiny izy ireo. Tian'izy ireo ny mihaino, fa tsy ho ampahan'izany izy ireo. Tsy tian'izy ireo ny ho voatondro miaraka amin'izy ireo. Te-hijanona eny amin'ny ilany anankiray izy ireo. Efa nisy foana izany, ary tsy isalasalana fa nisy izany tamin'io andro io.

⁵⁶ Ary rehefa nihidy ny varavaran'ny sambofiara, dia maro tamin'ireo olona ireo no nanao hoe, “Eny, andeha isika hiakatra ka hitsangana manodidina, ankehitriny, raha miseho izany, ohatra, dia marina ny an'ilay lehilahy antitra. Isika rehetra dia karazan'ny nihevitra fa misy fahavoazana kely ilay lehilahy antitra, saingy izaho—izaho—nankasitrahako ny nihaino azy nitory teny, nitsangana teo am-baravarana. Ary ankehitriny dia fantatsika fa nisy zavatra nanidy an'io varavarana io. Ankehitriny, lehilahy antitra tsara iray izy. Ary raha sendra hisy izany, rano vitsivitsy midina avy any ambony any, nahoana, nahoana, dia hampiditra antsika izy.” Hitanareo, ianareo tsy tehatoky . . .

⁵⁷ Tsy te-hanery ny fahatsaran'Andriamanitra ianareo. Te-hahazo antoka ianareo fa hiditra fotsiny raha mbola manana anjara iray hidirana.

⁵⁸ Noho izany, ny zavatra voalohany fantatrareo, ny andro voalohany, jereo hoe ahoana no ametrahan'Andriamanitra fanerena iray eo amin'ny Olony, indraindray, heveriko, fa tamin'ny andro voalohany, dia hoy i Noa tamin'ny fianakaviany hoe, “Eny àry, hiakatra any ambony rihana isika ankehitriny. Ankehitriny, amin'ny maraina, dia ho maizina ny lanitra. Tsy mbola maizina mihitsy tany aloha. Mbola tsy nahita an'izany mihitsy isika. Hilatsaka ny orana. Hitety ny lanitra ny tselatra.” Ary ny ampitso maraina dia miposaka ny masoandro. Tsy misy famantarana. Ny tontolo andro, dia nijery i Noa sy ny fianakaviany. Eny, nandeha marina tokoa araka ny nandehanany ireo zavatra.

⁵⁹ Heveriko fa hoy ireo mpino mpanara-driandrano hoe, “Ah, diso ilay lehilahy antitra.” Niverina tao afovoan-tanàna izy ireo, nihinana, nisotro, ary nifaly.

⁶⁰ Heveriko, ny fianakaviany, fanerena iray toy ny inona no tsy maintsy teo amin'ilay lehilahy. Fa tsy nilavo lefona izy ka nanomboka nandondòna teo am-baravarana, ary nanao hoe, “Ry olona, sokafy ny varavarana. Diso aho.” Nahoana? Fantany fa nanana ny fahamarinana izy, ary nifikitra teo amin'izany.

61 “Raha tsy avy ny orana androany, dia ho avy izy rahampitso.” Izay ilay izy. Eny àry.

62 Avy eo dia tonga ny andro faharoa, ary mahamarika isika fa nipoaka ny masoandro. Nitety fotsiny tahaka ny nataony isan’andro izy. Tsy nisy famantaran’ny orana. Mbola naharitra foana izy. Nandritra ny fito andro, dia nipetraka teo mihitsy i Noa, nanao hoe, “Raha tsy avy ny orana androany, dia ho avy izy rahampitso.” Hitanareo, namikitra izy. Naharitra izy, nikiry, satria fantany fa Andriamanitra no niteny an’izany, ary tsy maintsy ho tahaka an’izany ilay izy.

63 Ankehitriny, farany, tamin’ny andro fahafito, rehefa nijery teo am-baravarankely izy, dia nihamaizina ny lanitra. Nitsoka nanerana an’ireo havoana ny rivotra. Niondrika ireo hazo. Niantsoantso ny olona, tsy nahafantatra an’izay hatao. Ary afaka kelikely, dia nanomboka nilatsaka voalohany ireo teten’orana goavana be, nidòna tamin’ireo làlambe. Feno ireo tatatra. Vaky ireo loharano rehetra. Nanomboka niakatra ny rano. Niditra tao anatin’ny sambony ny olona, ka nilentika izy ireo. Nahery ireo rivotra. Ary nihalalina, sy nihalalina, ary nihalalina izany. Afaka kelikely, dia nanomboka niakatra teo amin’ny sambo izany. Nijery teo am-baravarankely izy.

64 Farany, niantsoantso ny olona, tsy misy fomba nanatsorany tânana ka naka azy ireo. Tany amin’ny rihana ambony izy. Nanota izy ireo nihoatra ny androm-pahasoavany. Tsy nisy tavela ho azy ireo intsony. Tara loatra tamin’izany. Farany, tsy maintsy ho fihetseham-po iray toy ny inona izany, ho an’i Noa, rehefa nijery ny teny an-dàlambe izy ka nahita an’ireo sambo kely rehetra, na namboarin’Andriamanitra izy ireo na tsia.

65 Hitanareo, izany no eritreretin’ny olona amin’izao andro izao. “Afaka manamboatra ny sambofiarany manokana izy ireo. Afaka manao ny famonjeny manokana izy ireo.” Tsy afaka manao an’izany ianareo. Andriamanitra no nanao ny famonjena ho antsika, ary tsy maintsy manaiky an’izany isika. Tsy haharitra ny sambofiara iray namboarin’olombelona fotsiny. Ny zavatra rehetra izay azon’ny olona vitaina, izay mifanohitra amin’ny sitrapo sy ny Tenin’Andriamanitra, dia tsy haharitra izany.

66 Fa ahoana no tsy maintsy nitrangan’izany rehefa Rtoa. Noa sy ireo vinantovaviny, ary—ary zanakalahy—ireo zanakalahy, sy ny sisa, rehefa nahita an’io rano io niakatra teo ambonin’ny sambofiara izy ireo, kanefa mbola nipetraka nahitsy foana ilay sambofiara. Fa afaka kelikely dia tsapan’izy ireo fa niainga ilay izy. Nitsingevana izy. Oh, fantatr’i Noa fa ny azy rehetra, izay noezahiny ho vitaina, izay nataony, dia ny Hafany no nandoa tamin’izany. Lasa niakatra ilay izy. Nandao ny tany izy.

67 Tahaka an’izany rehefa hijanona ny olona iray, tsy manatona ka mandray tânana an’ilay pasitera, mametraka ny anarany eo amin’ny boky iray, fa rehefa hijanona eo izy

mandra-pahatsapany fa misy zavatra manainga ao anatiny, ary manomboka mitsingevana any izy amin'ny alàlan'ny finoana, mahafantatra fa efa lasa ireo fahotany, ary nampifikitra ny fanahiny ao amin'i Kristy izy, ary misy zavatra mampakatra azy ambony kokoa sy ambony kokoa; maharitra, mikiry.

⁶⁸ Tena nikiry i Mosesy, rehefa avy nandeha tany Egipta izy ka namono lehilahy iray, ary niaraka tamin'ny fianarany sy ny fiofanany rehetra. Kanefa nanao zavatra tsy nety izy, niezaka izy, satria natoky an'izay azony novitaina tamin'ny alàlan'ny fianarany sy tamin'ny alàlan'ny azy manokana . . . Nilazana isika fa lehilahy miaramila iray izy. Ary izay nanofanana azy mba hatao, dia hitantsika fa tsy nahomby izany. Ary rehefa tsy nahomby izany, dia tsy nikiry teo amin'izany izy, nandositra nankany an-efitra nandritra ny efaolo taona izy.

⁶⁹ Fa indray mandeha dia nifanena tamin'Andriamanitra tao anaty roimemy mirehitra izy, nanala ny kirarony, nahita ny voninahitr'Andriamanitra izy. Nahita tehina maina iray nivadika menarana iray izy, ary niverina ho tehina iray indray. Nahita tàmàna iray boka sitrana tamin'ny alàlan'ny herin'Andriamanitra izy. Ary nandre ny Feon'Andriamanitra niteny tamin'ny izy. Tsy misy na inona na inona hanakana azy tamin'izany.

⁷⁰ Mazàna aho no namariparitra azy, manantena aho fa tsy fomba manevateva iray izany, lehilahy antitra iray, valopolo taona, miaraka amin'ny vadiny nipetraka nisabaka teo amin'ny ramole iray, miaraka amin'ny—tanora iray eo amin'ny valahany. Ny ampitso . . . Ary ny volombava nihantona, ilay tehina teny antànany, nandeha, dia niandrandra ny masony, ary—ary nankany an-danitra, ary volombava fotsy iray miainga.

Ary hoy ny olona iray hoe, “Ho aiza ianao, ry Mosesy?”

⁷¹ “Handeha hankany Egipta aho, mba hanapaka.” Fanafihan'olon-tokana, toa somary mahatsikaiky ilay izy. Fa ny làlan'Andriamanitra, ho an'ny fisainana ara-nofo, dia mahatsikaiky. Saingy sarobidy izany ho an'ireo izay mifikitra aminy. Fantatr'izy ireo izay resahiny. Manohy mandroso izy ireo. Oh, tsy maintsy ho zavatra iray toy ny inona izany! Noa na . . .

⁷² Mosesy, raha ny marina, mandeha mankany Egipta, firenena iray izay natahoran'izao tontolo izao, saiky tahaka an'i Rosia amin'izao andro izao. Fanafihan'olon-tokana, lehilahy antitra iray, valopolo taona, miaraka amin'ny vadiny mipetraka eo ambonin'ny ramole iray, ary tehina bingo no eny an-tànany, mandeha mba hanapaka. Ny zavatra, hafahafa mikasika an'izany, ho an'izao tontolo izao, dia nataony izany. Nanapaka izy.

⁷³ Lehilahy anankiray fotsiny ihany no tsy maintsy ananan'Andriamanitra, olona anankiray, any ho any, izay

mifamatotra Aminy, olona iray izay mahafantatra an'izay itsanganan'izy ireo ary mikiry. Ny fanenjehana amin'izay fotoana izay, ny fahasamihafana, dia tsy manelingelina azy ireo, mihitsy. Nandeha mba hanapaka, ary nataony izany.

⁷⁴ Toa tena mahatsikaiky ilay izy rehefa nitsangana tany ny lehilahy iray efatra ambin'ny folo dian-tongotra ny halavany, na mihoatra. Mino aho, ireo rantsan-tànany, efatra ambin'ny folo inches ny halavany; miaraka amin'ny lefona eny an-tànany, tahaka ny fanjaitran'ny mpanenona, angamba antsasaky ny avy eto ka hatretsy amin'ny varavarana etsy; nitsangana teo, ary nihaika ny Isiraely. Nisy an'i Saoly teo amin'ilay ilany hafa, ny loha sy ny soroka nihoatra ny tafiny, lehilahy iray voaofana, tsara hofana izy rehetra, nefa voafitaka. Marina izany.

⁷⁵ Ary te-hanome tolo-kevitra azy ireo ny devoly. Tahaka an'izany no ataon'ny devoly rehefa mihevitra izy fa izy no manana an'ilay lafiny tsara indrindra. “Avia aty. Ndao isika tsy hanana fandatsahan-drà. Roa amintsika fotsiny. Raha voakaravasiko ny lehilahinareo, amin'izay fotoana izay izahay dia . . . hanompo anay ianareo. Raha mamono ahy izy, amin'izay fotoana izay dia anankiray amintsika ihany no ho faty raha tokony ho ny tafitsika.” Tolo-kevitra iray toy ny inona no azony atao! Natahotra mafy ny olona rehetra.

⁷⁶ Ary toa nahatsikaiky ilay izy ny mahita zazalahy kely, milatsa-tsoroka tonga miaraka amin'ny hoditr'ondry kely mirakotra manodidina azy, antsamotady nifatotra teo amin'ny valahany, niaraka tamin'ny mofomamy misy voaloboka teny an-tànany, mba hahita an'ireo rahalahiny. Ary nanao ny fireharehany teo anoloan'ny lehilahin'Andriamanitra iray io devoly io, indray mandeha, ary nanery ny tànany teo amin'izany izy. Nahoana? Fantany hoe Iza Andriamanitra. Hoy izy, “Izaho dia . . . Te-hiteny amiko ve ianareo fa hamela an'ireo tafik'Andriamanitra velona ianareo hamela an'io Filistina tsy mifora io hihaika an'ireo tafik'Andriamanitra velona? Izaho no handeha hiady aminy.” Oh, oadray! Nahoana? Naharitra izy.

⁷⁷ Hoy ireo rahalahiny hoe, “Ah, fantatray fa maditra ianao. Mandehana miverina any an-trano miaraka amin'ireo ondry izay notenenin'i dada mba handrasanao. Tonga eto fotsiny ianao hijery ny ady.” Tsy afaka mandresy lahatra lehilahin'Andriamanitra iray ianareo, rehefa tena nisy zavatra nitranga taminy.

⁷⁸ Noho izany dia mandeha mankeo amin'i Saoly izy. Saoly, heveriko, dia nihaotra ny lohany ary niondrika. Hoy izy hoe, “Mankasitraka ny herim-ponao aho, anaka, saingy mpiady iray io lehilahy io. Mpiady iray io lehilahy io, hatramin'ny fahazazany. Ary ianao dia tsy inona fa tanora iray fotsiny, ary tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny antsamotady iray

na mikasika ny lefona iray, na ahoana no hanaovana adin'olon-droa.”

⁷⁹ Oh, fa diniho izy mampiditra zavatra iray. “Ny mpanomponao niandry ny ondrin'ny rainy.” Ary hoy izy hoe, “Indray andro dia niditra ny bera iray ka naka ny iray tamin'ireo zanak'ondrin'ny raiko izy, dia nenjehiko izy, ary novonoiko. Ary avy eo dia niditra ny liona iray ka naka anankiray ary nitondra azy, dia nenjehiko izy, ary novonoiko. Ankehitriny,” hoy izy, “ilay Andriamanitra izay manome ahy fandresena teo amin'ny bera sy ny liona, tsy mihoatra noho izany ve no Hanomezany ahy fandresena eo amin'io Filistina tsy mifora io izay mihaika an'ireo tafik'Andriamanitra velona!”

⁸⁰ Hoy i Saoly hoe, “Saingy zazalahy iray fotsiny ianao.” Hoy izy hoe, “Tsy manana na inona na inona anaovana ianao, hoditr'ondry kely iray fotsiny. Andraso, izaho dia—hapetrako eo aminao ny fiadiako.”

⁸¹ Noho izany dia nentina izy ka napetrany teo aminy ny fiadiany. Azonareo eritreretina ve? Nilaza ny Baiboly fa izy dia “mena hoditra,” kely bitika, angamba lehilahy iray folo amby zato livatra, mametraka fiadiana goavana be an'ny lehilahy iray izay nilanja saiky dimampolo sy roanjato, saiky fito dian-tongotra mihoatra ny halavany. Torotoro tanteraka izy. Azonareo eritreretina ve izany?

⁸² Nijery manodidina i Davida. Ny sorony dia saiky nihoatra lavitra tahaka an'izao. Ary toa tahaka ny zipo iray ilay izy teo aminy, mihantona midina tahaka an'izao, ny aron-tratranany. Hitany fa tsy nety tamin'ny lehilahin'Andriamanitra iray ilay akanjon'ny mpitondra fivavahana. Ah-hah. Hoy izy, “Esory amiko ilay zavatra. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany aho. Fa avelao aho handeha amin'izay fantatro fa mety.” Eo ianareo izao. Nandeha tamin'ny herin'ny Fanahy izy.

⁸³ Mino aho fa i Hudson Taylor no nilaza tamin'ny misionera Sinoa iray indray mandeha. Hoy ity zazalahy Sinoa ity hoe, “Atoa. Taylor, nahatsapa ny antsoko ao amin'i Kristy aho.” Hoy izy hoe, “Handeha ve aho ankehitriny ka hianatra mba hahazo ny Bakaloreako an'ny Literatiora, ary avy eo ho an'ny Ph. D.-ko, ary izay rehetra tsy maintsy ananako, ny diplaoman'ny dokoterako?”

⁸⁴ Hoy Atoa. Taylor, “Mandehana ankehitriny, anaka. Mandehana ankehitriny. Aza miandry mandrapahatongan'izany fotoana izany. Handany be loatra amin'ny fiainanao ianao.”

⁸⁵ Heveriko fa marina izany. Mifanaraka amin'Atoa. Taylor aho. Mandehana ankehitriny. Tsy miezaka manohana ny tsy fahaizako aho ankehitriny amin'ny fiezahana milaza fa tsy mila fianarana isika. Mety manana ny toerany izany. Fa ny fianarana tsy misy famonjena dia tsy manana vatofantsika.

Lain-tsambo daholo izany fa tsy misy vatofantsika. Mandehana rehefa mirehitra ny labozia. Aza miandry mandra-pahalevony tapany. Mandehana rehefa mandrehitra azy ianareo. Raha tsy mahafantatra na inona na inona afa-tsy ny fomba nirehetany ianareo, dia teneno amin'ny hafa ny fomba nirehetany, angamba hirehitra koa izy ireo. Hitanareo? [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.] Noho izany vantany vao mirehitra ny labozia, dia mandehana miteny amin'ny olona rehetra ny fomba nirehetan'ny labozianareo, ary angamba hirehitra avy aminareo izy ireo. Hitanareo? Mariho.

Izany tokoa, naharitra i Davida, satria nahafantatra izy.

⁸⁶ Nifanena tamin'ny Filistina arivo nanodidina azy teny amin'ny saha i Samsona indray andro. Ary nijery ny manodidina rehetra ny . . . Tsy lehilahy iray voaofana izy izay nahafantatra hoe ahoana no fanaovana adin'olon-droa. Fa rehefa nanodina ny lohany izy dia nahatsapa an'io fanekena io, nidòna tamin'ny sorony ireo randrana. Izay ihany no nilainy ho tsapa. Nalainy ilay zavatra voalohany teny an-tànany, dia valanoranon-dramole iray, ary nandresy Filistina arivo izy. Nahoana? Naharitra izy satria fantany fa nanao fanekena taminy Andriamanitra, tamin'ireo randrana fito ireo. Raha mbola nihantona teo amin'ny toerany foana izy ireo, dia tsy nisy na inona na inona nanelingelina azy.

⁸⁷ Oh, rahalahy, ranabavy, ahoana no tokony hitsanganan'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona izao hariva izao, maharitra. Raha mbola afaka mahatsapa ny faneken'ny Fanahy Masina foana isika, ny Ràn'i Jesosy Kristy manadio antsika amin'ny fahotana rehetra, dia tsy tokony hamela na inona na inona hitsangana eo amin'ny lâlantsika mihitsy isika. Maharitra, izany tokoa.

⁸⁸ Jaona, ilay mpaminany lehibe izay voalaza, fa hitsangana; fony tany an-efitra izy, dia niteny taminy Andriamanitra. Niandry mesia iray izy ireo, mazava ho azy; efa-jato taona talohan'ny nananan'izy ireo mpaminany iray. Fa, niteny taminy Andriamanitra, tany an-efitra, hoy Izy hoe, “Ankehitriny, hiezaka izy ireo hiteny aminao hoe, ‘Dr. *Ranona-sy-ranona* no ilay zalahy tokony ho Mesia, raha tsy maintsy hanambara Azy ianao. Nahoana, izy no olona tsara indrindra ao amin'ny fiangonanay.’ Ary hilaza izy ireo hoe, ‘Eny, ny—ny zafikelin'ilay mpisoronabe eto, izy—izy no ilay zalahy tokony hahazo an'izany,’ sy ny sisa. Fa, jereo, ry Jaona, tena asa iray ity. Tsy maintsy mahazo antoka ianao, noho izany dia hanome famantarana iray ho anao Aho. Eo amin'izay hahitanao ny Fanahy midina ka mijanona eo amboniny, dia izany no ho ilay Anankiray izay hanao batisa amin'ny Fanahy Masina sy afo.”

⁸⁹ Nitsangana teo i Jaona, nandinika an'ireo fiangonana raha tonga izy ireo. Ary izy . . . Ny olona rehetra dia tonga *teto, tetsy*,

ary ny *hafa*. Saingy tsy afaka nahita Azy izy. Indray andro, raha mbola nitsangana, niady hevitra tamin'ilay mpisorona, nanao hoe, "Te-hiteny amiko ve ianao fa ho avy ny fotoana izay hanesorana ny fanatitra isan'andro?"

Hoy izy hoe, "Hisy Lehilahy iray ho avy."

⁹⁰ Dia nijery izy. Teo ilay izy. Hoy izy, "Indro, io ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao."

⁹¹ Fantany izany satria Andriamanitra no nilaza taminy hoe, "Eo amin'Izay hahitanao ny Fanahy midina." Fantany izany. Naharitra izy.

⁹² Miverina amin'ity vehivavy kely ity. Manana zavatra maro fotsiny isika izay azontsika lazaina mikasika an'ireo samihafa izay nikiry, naharitra, nifikitra, mba hahavita.

⁹³ Manana teny filamatra kely aho, izay lazaiko kely. Mety ho tsara aminareo ny mandray azy. "Ny mpandresy iray dia tsy miala mihitsy, ary ny miala iray dia tsy mandresy mihitsy." Eritrreto fotsiny izany. "Ny mpandresy iray dia tsy miala mihitsy, ary ny miala iray dia tsy afaka handresy." Tsy maintsy mifikitra ianareo. Ary alohan'ny hany hanombohanareo, dia aoka hahazo antoka tsara mihitsy fa marina ny anareo. Ary avy eo dia mahareta, aza mamela na inona na inona hanetsika anareo. Manohiza. Efa nanana fahatsapana kely mikasika an'izany aho, ary fantatrareo izany. Ity zavatra anankiray ity no fantatro, rehefa mahazo antoka tsara mihitsy ianareo fa ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra ianareo, rehefa mahazo antoka tsara mihitsy ianareo fa mifantoka ao Kalvary ianareo, dia tsy misy na inona na inona hanetsika anareo. Ao ianareo.

⁹⁴ Ity vehivavy kely ity, Grika iray izy, ary Syrofenisiana iray, ary efa nandre ny lazan'i Jesosy izy. Ankehitriny, ahoana no ahatangavan'ny finoana? Amin'ny fandrenesana, fandrenesana ny Teny. Efa nandre ny Aminy izy. Ary fantatrareo, mety ho nanana zavatra maro hisakana azy izy, amin'ny maha-Grika iray azy. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana." Fantatsika izany. Ary izy dia nanana za-zavatra betsaka hisakana azy, saingy ny finoana dia mahita loharano iray izay tsy misy na inona na inona fantatry ny hafa.

⁹⁵ Ny finoana dia mahita an'io loharano io izay tsy misy afaka hanazava azy. Izany dia zavatra iray izay fantatrareo. Ireo hafa tsy afaka mahita an'izany, fa ny finoana no mahita an'izany. Ny finoana no mahita an'izany, eo amin'izay tsy hitan'ny maso ara-boajanahary. Fa ny maso ao anatiny no mahita an'izany.

Ankehitriny, nila an'i Jesosy izy. Izy dia na- . . .

⁹⁶ Ny zavatra voalohany tokony hataonareo, raha te-hahita an'i Kristy ianareo, dia tsy maintsy mahafantatra ianareo fa mila Azy. Rehefa mihevitra ianareo fa tsy mila Azy fotsiny, amin'izay

fotoana izay dia tsy hahita Azy mihitsy ianareo, satria tsy hitady Azy fatratra ianareo.

⁹⁷ Efa voamarikareo ve ilay Soratra izay milaza hoe, “Mitadiava dia hahita ianareo, mandondòna dia hovohana izany”? Raha ny marina, izany dia tsy mandondòna fotsiny, tahaka [Mandondòna indray mandeha ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.], dia hovohana izany. Izy tsy milaza fotsiny hoe, “Eny, nivoaka aho, Tompo. Inty aho. Mila ahy ve Ianao?” Tsia, tsy izany ilay izy. “Izay mitady, izay mandondòna,” fitohizana. [Nandondòna imbetsaka teo amin’ny polipitra Rahalahy Branham.] Tsy maintsy mifanaraka amin’ny sisa amin’ny Soratra izany.

⁹⁸ Tahaka an’ily mpitsara tsy marina sy ilay mpitondratena. Nandondòna tsy ankitsahatra teo amin’ny varavarany izy. Naharitra izy. Raha nandroaka azy izy androany, dia teo an-tànan’ny indray izy ny ampitso.

⁹⁹ Tahaka an’izany no tianareo hahazoana an’Andriamanitra. Aoka ho eo an-Tànany, isa-maraina, isan-kariva, isan’andro, amin’ny fotoana rehetra, tsy ankitsahatra. Manohiza mitady fotsiny, manohiza mangataka, manohiza mandondòna. Aza mandondòna vetivety fotsiny, dia reraka ary lasa. Manohiza mitsangana eo fotsiny, “Tompo, eto aho, ary tsy hiala aho. Eo an-Tànanao aho ankehitriny. Hijanona eto mihitsy aho. Reraka mihaino ve Ianao? Manana fotoana lehibe mandondòna aho, satria fantatro fa ho avy Ianao.” Amena. Amin’izay vao misy zavatra mitranga. Tsy maintsy manala anareo eo an-Tànany Izy, hitanareo, noho izany dia tonga Izy mba hamaly anareo. Ankehitriny, ny finoana no mahita an’izany.

¹⁰⁰ Ny Teniny dia Sabatra iray. Hoy ny Baiboly, ao amin’ny Hebreo 4:12, hoe, “ny Tenin’Andriamanitra dia maranitra noho ny sabatra roa lela.”

¹⁰¹ Ankehitriny, zavatra iray ihany no afaka mihazona an’io Sabatra io. Izany dia ny tànany finoana. Ny tànany finoana no zavatra tokana afaka mihazona an’io sabatry ny finoana io, sabatry ny Teny. Ankehitriny, mety manana sandry malemy ianareo, ampy haka azy io fotsiny ho an’ny fanamarinana, tena malemy ianareo. Angamba izay ihany no azonareo didina. Fa ity sabatry ny Teny ity dia handidy malalaka ny teny fikasana rehetra izay nataon’Andriamanitra tao anatin’izany, raha manana sandrin’ny finoana matanjaka tsara izy ireo mitazona azy eo. “Mino an’Andriamanitra aho ho an’ny fahasitranako. Mino an’Andriamanitra aho ho an’ny batisako.” Andriamanitra no nanao ny teny fikasana, ary ny finoana no mihazona an’ity Sabatra ity, izany no handidy azy hiala amin’ily Vatolampy any. Ny teny fikasan’Andriamanitra tsirairay dia azo didina malalaka, amin’ny alàlan’ny Tenin’Andriamanitra, satria Sabatra iray izany.

Nanana sakana maro izy, fa ny finoany tsy nanana mihitsy.

¹⁰² Mety manana sakana betsaka ianareo. Ny olona tsirairay izay manomboka mihaona amin'i Kristy dia nahita fa manana sakana betsaka ianareo, saingy ny finoanareo tsy manana mihitsy. Tsy manana sakana ny finoana. Manana volo eo amin'ny tratrany ny finoana, ozatra goavana be.

Mitsangana ny fandanjalanjana ka manao hoe, “Fantatrao, mitombina izany.”

¹⁰³ Manabontsina ny ozany ny Finoana ka mamoa ka ny tratrany goavana, ary manao hoe, “Mangina. Mipetraha.” Ary mitsambikina eo amin'ny zorony ny fandanjalanjana ary maka ny sezaboriny. Marina. Manana ozatra ny finoana, ary izy—izay tiany lazaina no lazainy.

¹⁰⁴ Izany no ilaintsika izao hariva izao. Izany no ilain'ny fiangonan'i Foursquare. Izany no ilain'ny vondrona Pentekotista. Izany no ilain'izao tontolo rehetra izao. Izany no ilaiko. Izany no ilainareo. Ary tokony ho menatra isika hanaiky an'izany, saingy mila finoana iray isika izay hihazona ny Tenin'Andriamanitra ka hilaza fa marina Izany. Mihaona amin'ny devoly ary manao hoe, “HOY NY TOMPO HOE.”

¹⁰⁵ Namaky aho indray andro teo amin'izay nilazan'ny lehilahy iray fa tonga teo anatrehany ny devoly. Ary hoy izy, “Devoly iray antitra kely bitika fotsiny izy, ary hoy izy, ‘Boo.’”

¹⁰⁶ Hoy izy, “Nihemotra aho.” Ary hoy izy, “Hoy izy hoe, ‘Boo.’ Nihemotra aho. Isaky ny nivazavaza izy hoe, ‘Boo,’ ka nihemotra aho, dia lasa goavana kokoa izy fa izaho lasa nihakely kokoa.” Ary hoy izy, “Nanohy nanao izy hoe, ‘Boo.’” Hoy izy, “Lasa nihakely kokoa aho isaky ny nihemotra, fa izy lasa goavana kokoa.”

¹⁰⁷ Hoy izy, “Fantatro fa tsy maintsy niady taminy aho, afaka kelikely.” Hoy izy, “Nijery manodidina aho, nieritreritra hoe, ‘Inona?’ Nahita ny Tenin'Andriamanitra aho.” Hoy izy, “Nahoroko tao an-tanako izany. Ary hoy ilay devoly hoe, ‘Boo.’ Dia hoy aho hoe, ‘Boo,’ namaly.” Ary hoy izy, “Rehefa nilaza aho hoe, ‘Boo,’ namaly, isaky ny nilaza aho hoe, ‘Boo,’ dia lasa nihakely kokoa izy fa izaho lasa goavana kokoa.” Izay ilay izy. Tsy maintsy hiady aminy ianareo, na ho haingana na ho ela.

¹⁰⁸ Fantatrareo, tsy mino ny olona fa misy ny devoly. Mifanena aminy aho, amin'ny fotoana rehetra, ah-hah, mifanatrika aminy isan'andro. Ny mpino hafa rehetra dia mifanatrika. Eny, tsy maintsy hiady aminy ianareo, na ho haingana na ho ela, noho izany dia mety tsara aminareo ny manomboka izao ankehitriny izao. Zavatra iray ihany no atahorany, dia io Rà io sy ity Teny ity. Ny finoana no mihazona an'Izany. Mahery Izy, mandroso.

¹⁰⁹ Ankehitriny, hitantsika fa, ity vehivavy Grika kely ity, araka ny nolazaiko, dia nanana sakana maro izy, saingy ny finoany

tsy nanana mihitsy. Tsy manana sakana mihitsy ny finoana. Mety ho nilaza taminy izy ireo hoe, “Fantatrao ve fa Grika iray ianao? Ianao dia—ianaosy dia—Grika iray ianao. Fantatrao, tsy an’ny Anaram-piangonany ianao. Aza mandeha mankany amin’io andiany io.”

¹¹⁰ Ankehitriny, izany no iray amin’ireo sakana. Hitanareo? Fa raha manana finoana ianareo, dia mandeha, na ahoana na ahoana. Tsy manao fahasamihafana izany, anaram-piangonana inona no misy Azy, rehefa eo fotsiny izy.

¹¹¹ Nanana ilaina izy. Nanana zanakavavy iray izy izay teo am-pahafatesana tamin’ny androbe. Ary tsy maintsy nanatona Azy izy, satria tsy afaka nanao na inona na inona ho azy ireo dokotera. Tsy mbola afaka manao an’izany. Noho izany dia tsy maintsy nanatona an’i Jesosy izy. Efa nandre izy fa efa nanasitrana an’ireo karazana aretina ireo izy.

¹¹² “Eny,” hoy izy ireo, “Izy, Izy tsy—Izy tsy . . . Tsy tonga niaraka tamin’ny Fifohazany tao amin’ny anaram-piangonanareo mihitsy izy.” Tsy nisakana azy izany. Nanana finoana ity vehivavy kely ity. Naharitra izy. Nandalovany fotsiny io vondrona io. Nisintona azy nanalavitra an’izany ny finoany.

¹¹³ Oh, raha afaka nanao an’izany fotsiny mantsy izy ireo amin’izao andro izao! Hoy ny olona iray hoe, “Misy fivoriana izao hariva izao ao amin’ny fiangonan’i Foursquare.”

¹¹⁴ “Eny, tsy mikambana amin’ny anaram-piangonanareo izany. Tsaratsara kokoa aminareo ny mijanona lavitra an’izany.”

¹¹⁵ Manohiza mandeha hatramin’ny farany fotsiny. Ny finoanareo no mitondra anareo mivantana. Hitanareo? Tsy manana sakana ny finoana. Mandeha izy, na ahoana na ahoana. Tsy misy na inona na inona hampijanona azy. Araka ny nolazaiko, be ozatra izy, ozatra goavana. Izy no mifehy; ny sisa amin’izy ireo dia matahotra an’izany. Eny, tompoko. Handositra hiala amin’izany izy ireo, tahaka ny nendra. Hiala lavitra an’izany fotsiny izy ireo. Tsy misy idirany amin’izany, rehefa mitsangana ny finoana goavana, manao hoe, “Fantatro izay inoako, ary resy lahatra aho.” Izay ilay izy.

¹¹⁶ Mety nisy vondrona hafa tonga, nanao hoe, “Efa lasa ireo andron’ny fahagagana. Tsy misy ny zavatra tahaka an’izany. Andiana holy-rollers io eo io, ireo Jiosy. Grika isika. Manantsaina isika. Vondron’olona mahay isika. Isika no manome an’izao tontolo izao ny zava-kanto, mozika, ary—ary ny fivavahana. Ary tsy misy ny zavatra tahaka an’izany.”

¹¹⁷ Fa naharitra izy. Tsy lasa ireo andron’ny fahagagana, ho azy, satria nisy zavatra efa niteny taminy, eto ambany *eto*, hoe tsy izany ilay izy. Ary Jesosy no nanana an’izay notadiaviny, ka tapa-kevitra izy ny hanatona Azy. Na nanohana an’izany ny anaram-piangonany, na tsia, dia mandeha izy, na ahoana na ahoana. Mandeha mankany izy. Naharitra izy, mbola naharitra

foana. Mety ho efa lasa ireo andron'ny fahagagana ho azy ireo, fa tsy izany ilay izy, ho azy. Tahaka an'izany ilay izy ho an'ny mpino tsirairay. Milaza ireo olona ireo fa ireo andron'ny fahagagana . . .

¹¹⁸ Niteny tamiko ny lehilahy iray, fotoana vitsy lasa izay, nanao hoe, “Tsy ahoako izay holazainao, Atoa. Branham.” Hoy izy, “Tsy mino aho fa misy izany karazana fanasitranana avy amin'Andriamanitra izany.”

¹¹⁹ Hoy aho hoe, “Tsia tokoa, aminao. Tsy ho an'ireo tsi-mpino izany. Ho an'izay mino fotsiny izany. Marina izany. Tsy nalefa ho an'ireo tsi-mpino. Nalefa ho an'ireo mpino izany. Tsy afaka misitraka an'Izany ianao, satria tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany.”

¹²⁰ Te-hiteny amiko izy hoe, “Tsy nisy izany karazana Fanahy Masina izany.”

¹²¹ Hoy aho hoe, “Tara loatra eo amin'ny telo amby telopolo taona eo fotsiny ianao, ho an'izany.” Hoy aho hoe, “Mahafantatra tsaratsara kokoa aho. Efa nandray an'Izany aho.”

“Oh, fahadalana!”

¹²² Hoy aho hoe, “Mety ho izany, aminao, fa tsy amiko. Tena misy Izany amiko. Fiainana Izany, zavatra mamikitra.” Tara loatra ny nahatongavany hiteny an'izany amiko.

¹²³ Tara loatra ny nahatongavan'izy ireo hiteny amintsika mikasika ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Efa sitrana isika. Efa feno ny Fanahy Masina isika. Efa manana ny fahasovan'ny Fampakarana isika. Amena. Tara loatra ilay izy ho an'ny iray amin'ireo zavatra ireo. Mety tsara ho azy ireo ny mangina. Efa ananantsika ilay izy. Afaka milaza ny finoantsika hoe, “Mipetraha. Fantatro izay resahako.”

“Eny, Dr. *Ranona*- . . .”

¹²⁴ Tsy ahoako izay nolazain'i Dr. *Ranona-sy-ranona*, ny Baiboly no nilaza an'izany, ary manana finoana an'ity Boky eto an-tanako ity aho. Ary ny finoako no mihazona Azy eo hoe, “Ho avy Jesosy. Mino aho fa nandray ny Fanahy Masina aho, satria mahita Azy velona ao amin'ny fiainako aho.” Amena. Araka ny Teny izany. Tsy misy na inona na inona . . . Fanambarana iray voaseho, fanamarinana tanteraka fa marina ny Baiboly, ary Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Avelao izy ireo hihomehy an'izany. Afaka mihomehy an'izay rehetra tiany ihomehezana izy ireo. Haharitra fotsiny tahaka azy ireo isika fony naharitra i Noa, naharitra i Mosesy, nitsangana ny sisa rehetra tamin'ireo mpaka tahaka.

¹²⁵ Natsipin'i Jana sy i Jambra ny tehiny, nivadika bibilava iray. Teo ireo lehilahy ireo, izay tena mendri-kaja arak'izay nety naha-izy azy ireo, nanao marina tokoa an'izay notenenin'Andriamanitra mba hataon'izy ireo, ary tonga ny andiana mpaka tahaka iray, nanipy ny tehiny. Ny zavatra

tokana azon'izy ireo natao, dia ny nipetraka tsara fotsiny ka nahita ny voninahitr'Andriamanitra. Amena.

¹²⁶ Andriamanitra no hanohana an'izany. Raha Izy no naniraka anareo, ary azonareo antoka ny amin'izany, dia hahavita ny asa izay nofidian'Andriamanitra mialoha hataonareo ianareo. Hitsangana eo ianareo, ary Andriamanitra no hanaisotra ny mpaka tahaka ara-nofo tsirairay hanalavitra anareo. Marina. Mitsangana eo. Afaka haharitra ianareo, satria fantatrareo hoe Iza no ninoanareo, sy izay marina. Diniho miaraka amin'ny Teny ny fanambaranareo. Raha mifanohitra amin'ny Teny ilay izy, dia avelao hipetraka tsara izany. Raha miaraka amin'ny Teny izany, dia voatery Andriamanitra, voaterin'ny adidy, hihazona Ny Teniny.

¹²⁷ Ankehitriny, ankehitriny, mety ho nisy andian-dramatoa nitsangana teny amin'ny zorony, fantatrareo. Ary hoy izy ireo hoe, “Indro fa tonga izy. Ankehitriny dia manana an'io zaza io izy eo, izay tratry ny androbe. Ary—ary nilaza ny Dr. *Ranona-sy-ranona* fa—fa tsy misy fanafody ho an'ny androbe. Ary indro izy, mandeha any amin'io anaram-piangonana tsy misy marika any io, mba ahatongavan'io mpaminany fanatika io eto ka hanasitrana an'io zaza io.” Noho izany dia hoy izy ireo hoe, “Tokony hanakana an'i Susie isika.” Manantena aho fa tsy misy Susie iray eto. “Fa tokony hanakana an'i Susie isika ary hiteny aminy, satria efa vehivavy tsara iray izy. Tsy misy na inona na inona manohitra ny fiainany. Saingy tokony hanakana azy isika, ary izany no zavatra tokana izay fantatro hatao. Nandallo izy, ny olona hafa rehetra, noho izany dia tsy ho ravany io sakana io.

¹²⁸ “Mba fantatrao moa, Susie? Handao anao ny vadinao. Satria, mpitantan-draharaha iray na diakona iray eo amin'ny komity izy, ary handao anao izy, azo antoka tahaka an'izao tontolo izao, raha mandeha any ianao.”

¹²⁹ Mbola naharitra foana izy. Nanohy mandeha avy hatrany izy. Hitanareo? Tsy mahafantatra sakana ny finoana. Tsy maintsy tonga eo izy.

¹³⁰ Avy eo dia nandallo vondrona hafa iray izy izay nanao hoe, “Mba fantatrao moa? Rehefa miverina ianao, resy, ka hitanao fa tsy misy na inona na inona ny amin'izany, dia hihomehy anao ny olona rehetra ao amin'ny fiaraha-monina.”

¹³¹ Tsy nanao ny sofiny hivadika mena akory aza izany. Naharitra izy. Nanohy mandeha avy hatrany izy. Tiako izany. Tiako izany faharetana izany.

¹³² Avy eo dia indro nitsangana ny iray tamin'ireo diakona, ka nanao hoe, “Raha mandeha any ianao, dia fantatrao ve izay hataon'izy ireo? Handroaka anao avy ao amin'ny fiangonanao, satria nanakambana ny tenanao tamin'ireo holy-roller ireo ianao, na ireo olona ireo.” Ary hoy izy, “Fantatrao...” Miala tsiny aho. Tsy tokony nolazaiko angamba ilay izy. Hitanareo?

“Manakambana ny tenanao amin’izy ireo ianao, ho voaroaka avy ao amin’ny fiangonanao ianao.”

¹³³ Mbola naharitra foana izy. Tsy mahafantatra faharesena ny finoana. Nanana zavatra anankiray ho vitaina izy, ary izany dia, ho tonga eo amin’i Jesosy. Nanana ilaina iray izy, ary Izy no hany Tokana izay nanana an’io ilaina io.

¹³⁴ Milaza an’ity aho izao hariva izao, rahalahy sy anabavy. Telo amby dimampolo taona aho. Efa nanompo Azy aho hatramin’izaho teo amin’ny roapolo taona teo. Nahatanteraka ny zavatra rehetra izay nilaiko Izy. Ary rehefa tonga ny oran’ny fahafatesako, dia azoko antoka fa ny ilaiko amin’izay fotoana izay, dia elatra roa hiampitana an’ily renirano, ho eo Izy. Aza manahy ianareo. Fantatro fa ho eo Izy. Haveriko ao anatin’ny tranony fotsiny ilay sabatra tonta, ary hesoriko ny fiarovandoha, hapetrako eo ambonin’ily renirano izany, rehefa izaho . . . morona, rehefa mandre an’ireo mpivoy aho. Ary hiantsoantso aho hoe “Alefaso ilay lakan’aina. Hody any an-trano aho, izao maraina izao.” Ho eo izany. Eny, tompoko. Hidina ilay Kintan’ny Maraina ka hanazava ny lâlana. Handeha hiampita an’ily renirano isika. Eny, tompoko. Amena.

¹³⁵ Naharitra izy. Nanana zava-bita iray izy. Fantany fa tsy maintsy nikiry izy mba ho tonga eo amin’i Jesosy, noho izany dia tsy maintsy nandalo ny zavatra rehetra izy.

¹³⁶ Farany, dia tonga izy. Ankehitriny, farany, tonga eto. Tsara ny zavatra rehetra ankehitriny, fa avy eo dia tonga ny sakana iray hafa. Ilay tena Lehilahy izay nambarany fa ananany fahatokiana, ilay Lehilahy izay nezahany nahatongavana, Jesosy. Hoy Izy hoe, “Tsy nirahina ho any amin’ny taranakao Aho.” Oh, oadray! Tsy hanao antsika Pentekotista hipoaka ve izany? Hmm! Hmm! Oadray! “Tsy nirahina ho any amin’ny taranakao Aho.” Fioo! Fahatairana iray izany.

Saingy mba fantatrareo moa? Tsy mahafantatra fahatairana ny finoana.

¹³⁷ Ary avy eo, indray, dia mitodika Izy. Taorian’ireo zavatra rehetra izay nandalovany ireo, dia nihazona ny finoany, ka fantany fa Jesosy dia afaka manome azy ny faniriany. Ary nandalovany ny tsirairay avy tamin’ireo sakana ireo. Ary rehefa tonga teo Aminy izy, tamin’izay fotoana izay dia nolavina, tanteraka, “Tsy nirahina ho any amin’ny taranakao akory aza Aho.”

¹³⁸ Azoko eritreretina izy nitsangana teo, ary namirapiratra ireo masonry. Izy—teo Anatrehany izy tamin’izany. Izay ihany no tsy maintsy nisy azy. Ary hoy Izy, “Ankoatr’izany, ny taranakao dia tsy inona fa andiana alika iray.” Oh, oadray!

¹³⁹ Ahoana moa raha nilaza an’izany taminareo Izy? Hilaza ianareo hoe, “Haka ny taratasiko avy amin’ity Foursquare ity aho ka handeha any an-kafa any ho any. Tsy hiverina any intsony

aho. Halaiko izany avy amin'i *Ranona-sy-ranona*." Oh, eny. Eny, tompoko.

¹⁴⁰ Fa mbola nihazona foana izy. Oh! Hitanareo? Tsy mahafantatra faharesena ny finoana. Tsy misy na inona na inona hampijanona azy. Na dia nilaza taminy aza Jesosy, ilay tena Anankiray mihitsy nahatongavany, nanao hoe, "Tsy nirahina ho any amin'ny taranakao Aho, ary izy ireo dia tsy inona fa andiana alika iray." Fioo! Fa inona? Nihazona tena finoana iray izy. Tsy mahafantatra faharesena ny finoana; tsy ahoako izay ihaviany. Tsy mahafantatra faharesena, satria nanana finoana izy. Mbola nihazona foana izy. Oh! Tiako izany. Tsy zava-manirin'ny trano mafana iray izy, mifangaro iray, tahaka ny sasany amin'izy ireo amin'izao andro izao.

¹⁴¹ Ireny fivavahana mifangaro izay ananantsika amin'izao andro izao ireny, fantatrareo. Tsy tsara izy ireo. Ny zavatra rehetra ankehitriny dia mifangaro, mifangaro. Manana fiangonana mifangaro mihitsy aza izy ireo, Kristiana mifangaro, nampidirina tamin'ny alàlan'ny fandraisan-tànana. Oh, afaka miakanjo tsara kokoa izy ireo, angamba mampiasa teny Anglisy tsara kokoa, sy ny sisa, tahaka an'izany. Tsy misy aina ao anatin'ny.

¹⁴² Alaivo ny salohin-katsaka goavana tsara tarehy iray, mifangaro, mety ho indroa tsara tarehy noho ilay anankiray hafa izy. Amboleo izy, ho faty izy. Tsy misy aina ao anatin'ny. Marina izany.

¹⁴³ Tsy mila na inona na inona mifangaro isika. Mila an'ilay zavatra tena izy isika. Raha tsy manana an'izany ianareo, dia mijanona eo mandra-pahatongan'izany. Nahoana no manaiky solo nefa feno an'ilay tena izy ireo lanitra Pentekotista? Hitanareo? Tsy misy na inona na inona mifangaro, tsy haharitra izany.

Tsy maintsy manondraka fanafody zava-maniry mifangaro iray foana ianareo mba hanao an'ireo bibikely hanalavitra azy.

¹⁴⁴ Tahaka an'izany ny sasany amin'ireo Kristiana mifangaro ireo. Tsy maintsy mandrotsirotsy azy ireo ianareo ary misafosafa azy ireo, ary mampanantena azy ireo fa ho diakona izy ireo na zavatra hafa, hanao ny sasany amin'ireo bibikelin'izao tontolo izao hanalavitra azy ireo, an'ny tsi-finoana. "Hiala amin'ny fiangonana izy ireo." Roahy izy ireo, na ahoana na ahoana. Marina izany. Tsy mbola tao mihitsy izy ireo.

¹⁴⁵ Tsy afaka mikambana amin'ny Fiangonana iray ianareo. Mety mikambana amin'ny trano fialofana iray ianareo. Afaka mikambana amin'ny trano fialofana Metodista ianareo, trano fialofana Batista, na trano fialofana Pentekotista. Fa raha mba manatona an'i Kristy ianareo, dia ho teraka tao amin'ilay Fiangonana, marina izany, ilay Vatana mahagaga an'i Kristy. Ireo hafa dia trano fialofana. Marina izany. Mety tsara izany,

tsy misy na inona na inona manohitra azy ireo. Fa ianareo dia teraka tao amin'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona, tamin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra. Ianareo tsy afaka mikambana amin'Izany, mihitsy. Ary rehefa teraka Tao ianareo, dia manana Fahaterahana iray.

¹⁴⁶ Tsy mifangaro iray intsony ianareo, mpandray tònana iray na mpanakana fiara iray. Ah-hah. Fantatrareo, fa ny mpanakana fiara iray dia mampiasa ankihife foana. Izany ilay fanao. “Eny, fantatro, saingy Dr. *Ranona-sy-ranona* . . .” Tsia, tsia. Izay ilay izy. Izay ilay izy. Marina tokoa izany.

Naharitra izy. Tsy mifangaro iray izy. Tsy voatery hamafy azy ianareo, amin'ny ranomanitra, hanao azy ho tsara. Nitsangana teo izy.

¹⁴⁷ Ny ampahan'ny vokatsika amin'izao andro izao, maro loatra amin'izy ireo no mifangaro. Zavatra iray fotsiny tahaka ny nolazain'i David duPlessis, mino aho, indray mandeha hoe, “Tsy manana zafikely Andriamanitra.”

¹⁴⁸ Ny olana amin'ny hetsika Pentekotista antsika, dia manana zafikely Pentekotista isika. Miditra izy ireo satria Pentekotista ny raintsika sy ny renintsika. Mandray azy ireo eo amin'ny registra isika, ary tonga tsy manana fahatsapana izy ireo. Ary eo izy ireo dia milaza fa izy ireo dia Pentekotista, ihany koa. Tsia, tompoko. Tsy manana zafikely Andriamanitra. Tsy dadabe Izy; Ray Izy. Marina. Raha mba tonga any An-danitra ianareo, dia handoa ny vidiny tahaka ny nataon'ny reninareo, nataon'ny dadanareo. Amena. Mety toa henjana izany, saingy izany no Fahamarinana. Fomba henjana hanaovana hevitra iray izany, saingy azonareo izany karazana teny Anglisy izany, azoko antoka. Tsy teny Anglisy tena tsara izany. Mampita an'ilay hevitra izany, izay ezahako lazaina. Henoy fotsiny Izany. Eny.

¹⁴⁹ Tsy mifangaro iray izy. Tsy voatery fafazana izy, ary rotsirotsiana ankehitriny hoe, “Eny, ankehitriny, ranabavy malala, izaho—teneniko aminao, eny . . .” Oh, tsia. Tsia, tompoko.

¹⁵⁰ Ary tsy mampaninona izay nandòna azy ho lavo, hoy izy hoe, “Izany no fahamarinana. Izahay dia tsy inona fa andiana alika iray. Marina fa tsy mendrika an'izany izahay.” Oh, oadray! Nanaiky izy fa marina ny Azy.

¹⁵¹ Hilaza indraim-bava goavana be aho. Miomàna. Isan'andro, ny finoana tena izy dia hanaiky fa marina ny Teny. Ary amin'ny fotoana rehetra, raha misy milaza fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana, na zavatra mifanohitra amin'ny Baiboly, dia tsy finoana tena izy izany. Ny finoana dia hanaiky foana ny fahamarinana. Tsy maintsy mijanona amin'ny Teny ianareo. Tsy mampaninona izay lazain'ny zavatra hafa, izay lazain'ny olon-kafa, ny Teny no marina. “Aoka ny tenin'ny olona rehetra ho lainga, fa ny Ahy ho marina. Na iza na iza hanampy, na

hanaisotra, dia samy hesorina amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anjarany.”

¹⁵² Hitsara an'izao tontolo izao amin'ny alàlan'ny fiangonana iray ve Andriamanitra? Iza? Katolika ve? Anaram-piangonana enimpolo amby eninjato mahery samihafa? Ahoana no Hanaovany an'izany?

¹⁵³ Andriamanitra dia hitsara an'izao tontolo izao amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Ary Kristy, “Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika.” Andriamanitra sy ny Teny dia iray ihany. *Ity* no Andriamanitra vita printy.

¹⁵⁴ Ianareo ve nahazo ny—nahazo ny Fanahy Masina ve ianareo? Amboleo ao anatiny ao io Voa io. Izany no mitondra azy ho amin'ny Fiainana, mamokatra an'io Fiainana io, ary maneho sy manamarina an'izany. Hoy Jesosy, ao amin'ny Masindahy Jaona 12 hoe, “Izay mino Ahy . . .” Masindahy Jaona 14:12, raha ny marina, “Ireo asa izay Ataoko no hataony koa.” Noho izany dia manaiky ny Fahamarinana foana izany. Oh, oadray!

¹⁵⁵ Fa, fantatrareo, hoy izy hoe, “Marina izany. Izahay dia tsy inona fa andiana alika iray. Ary izahay dia tsy . . . Tena tsy nirahina ho aminay marina tokoa Ianao. Saingy, Tompo, tsy mitady ny mofo rehetra izay nananan'ireo ankizy aho. Ireo sombintsombiny ihany no tadiaviko.” Oh, oadray!

¹⁵⁶ Ankehitriny, efa voamarikareo ve? Ny olona, izy ireo dia te-hahazo an'*ity*, ho sitrana, ary hahazo ny Fanahy Masina amin'ny fomba izay heverin'izy ireo fa tokony ahazoany an'izany. “Ankehitriny, handeha aho, rahalahy, raha hitondra ahy ianao ary hitondra ahy ao amin'ny efitra iray izay tsy hisy olona hahita ahy, ary hametraka ny tãnanao eo amiko ianao sy hitso-drano ahy, ary hampiditra ny Fanahy Masina ato amiko. Hanaiky an'izany aho.” Oh, tsia.

¹⁵⁷ Te-hanaiky ny fanasitranany tahaka an'izany i Namàna, indray mandeha. Saingy niteny taminy i Elia mba handeha any amin'ilay Jordana tranainy mamotaka ary hiroboka impito. Toa hitako fotsiny izy midina miala amin'ny kalesiny. Oh, lehilahy malaza iray, mihazona ny orony. Indro izy tonga, ao anaty rano, mitsingitsingina tahaka ny saka iray ao anaty môlasy, fantatrareo, tonga tahaka an'*izao*, fantatrareo, mandroso tahaka an'*izao*, midina ao anaty rano. Hoy izy hoe, “Oh, halako ny manao an'*ity*,” mitsingilahila mipetraka. Ny olona sasany dia tonga eo amin'ny alitara toy ny hoe zavatra maharikoriko iray ilay izy ho azy ireo. Hia. “Oh, tsy te-hanao an'izany aho.”

Nisitrika indray mandeha izy, avy eo, “Ary mbola manana habokana foana aho.”

¹⁵⁸ “Hoy ilay mpaminany hoe, ‘Impito.’” Marina. Mandra-pankatoavany ny Teny, manontolo! Mandra-pankatoavanareo

Azy, manontolo! Nanana lehilahy tsara iray izy nitsangana teo amin'ny morona, nanao hoe, “Hoy ny mpaminany hoe, ‘Impito,’ ry ikaky. Hitanao? Manohiza miroboka fotsiny.”

¹⁵⁹ Izy ilay izy. Raha tsy azonareo ilay izy ny hariva voalohany, dia miroboha fotsiny indray ny hariva manaraka. Manohiza fotsiny mandra-pahazoanareo—ahazoanareo azy.

¹⁶⁰ Tsarovy ankehitriny. Tahaka an-dRahaba janga izy, ity vehivavy kely ity. Mbola tsy nahita fahagagana iray mihitsy izy. Nandre mikasika fahagagana iray fotsiny ihany izy. Inona no hataony andro amin'ny... hataony amintsika amin'ny Andron'ny Fitsarana? Mbola tsy nahita fahagagana iray mihitsy izy. Jentilisa izy. Mbola tsy nahita mihitsy izy, saingy efa nandre. Ary isika dia sady nahita no nandre, nefa mbola misalasala foana. Oh, oadray!

¹⁶¹ Tahaka an-dRahaba janga izy. Rehefa tonga ireo mpisafotany, dia tsy nila nilaza izy hoe, “Hoteneniko aminareo. Ento eto i Josoa ary avelao izy hanao fivoriana iray ho ahy, dia ho hitako ny fomba ibangoany ny volony, sy ny fomba itenenany, ary ny fomba fanajana ampiasainy eo amin'ny polipitra. Ary ho hitako raha afaka manaiky azy aho na tsia.” Hoy izy hoe, “Efa reko fa nomba anareo ilay Andriamanitry ny Lanitra, ka ny zavatra tokana angatahiko dia ny ho voaaro.” Eo ianareo izao.

¹⁶² Naharitra marina tokoa ity vehivavy kely ity. Nanohy nihazona tsara izy. “Arovy fotsiny aho. Hataoko ny zavatra rehetra izay tianareo hataoko.” Oh, eo ianareo izao. Izay ilay izy.

¹⁶³ Ity vehivavy kely ity, tsy nampaninona ilay fahasarotana, naharitra izy. Oh! Nanana ny fanatonana tsara an'ilay fanomezan'Andriamanitra izy. Nanana an'ilay fanatonana tsara izy, fanetre-tena. Niankohoka teo an-Tongony izy, ary nanana fanetre-tena. Tsy nitsangana izy, nanao hoe, “Ankehitriny, miandrasa iray minitra fotsiny Ianao. Fantatrao fa olona Grika izahay. Ianao milaza fa alika izahay. Iray minitra fotsiny eto, Tompoko. Fantatrao ve fa izahay no—izahay no tompon'ny zavakanto, ary izahay no tompon'izao-sy-izao ary ity-sy-ity?” Izy tsy nieritreritra an'izany, mihitsy. Nanaiky fotsiny izy fa marina ny Azy, ary niankohoka teo an-Tongony, ka nanao hoe, “Ampio aho, Tompo. Ireo sombintsombiny fotsiny no hohaniko. Raha tsy afaka hahazo silaka mofa iray manontolo ny zanakovavy, dia Avelanao hahazo an'ireo sombintsombiny fotsiny ve izy, raha alika iray izy?” Oh, oadray! Eo ianareo izao.

¹⁶⁴ Ho afa-po amin'ireo sombintsombiny fotsiny ve isika, raha hanambara amin'ny olona iray ny Fanahy Masina izao hariva izao hoe, “Sitrana ianao”? Ho vonona handray an'ireo sombintsombiny fotsiny ve ianareo, sa tianareo handroso eo Andriamanitra ka hampitsangana anareo ary hanome anareo karazana fihetseham-po iray? Raha hilaza fotsiny Izy ao amponareo hoe, “Tapitra ny aretiko. Tsy manana an'izany intsony

ianao. Mino aho fa ho sitrana aho, manomboka izao hariva izao,” horaisinareo ve ireo sombintsombiny? Sa, hila ny olona rehetra ho avy ianareo ka hametra-tànana eo aminareo, sy handraraka diloilo, ary hanaraka ny fombafomba mahazatra tahaka an’izany, sa mitady sombintsombiny fotsiny ianareo? Hanaja an’izany Andriamanitra.

¹⁶⁵ Fantatrareo, maro tamin’ireo mpianatra no nahita Azy taorian’ny Fitsanganany. Hoy i Tomasy hoe, “Tsia, hah-ah, tsy hino an’izany aho. Izaho—tsy maintsy nametraka ny tànako eo amin’ireo marika aho, an’ireo Fantsiny eo amin’ny Tànany sy eo amin’ny Lanivohony. Amin’izay fotoana izay aho vao hino an’izany.”

¹⁶⁶ Hoy Izy hoe, “Avia eto, ry Tomasy.” Hoy Izy, “Kasiho Aho.” Dia nikasika izy.

Hoy izy, “Ry Tompoko, sy Andriamanitro.”

¹⁶⁷ Hoy Izy hoe, “Tomasy, satria nahita sy nahatsapa ianao, ary ny zavatra rehetra, dia nino.”

“Eny, Tompo.”

¹⁶⁸ Hoy Izy hoe, “Tsy lehibe mihoatra noho izany ve ny valim-pitian’izy ireo, izay tsy mbola nahita mihitsy kanefa hino Azy!”

¹⁶⁹ Vonona ve isika? Jentilisa tahaka an’io vehivavy Jentilisa io ve isika? Ohatra iray ho antsika rehetra ve izy hoe, “Omeo an’ireo sombintsombiny fotsiny aho, Tompo”? Avelao fotsiny aho handre olona iray hoe, “Tsy mbola namaky ny Teny mihitsy aho, fa teneno amiko fa manasitrana ny marary ianao. Ho ampy ahy izany sombintsombiny izany. Mino an’izany aho. Avelao aho handre olona iray hilaza, ary hamaky an’izany avy amin’ny Teny, hoe ny Fanahy Masina . . .”

¹⁷⁰ Hoy i Petera, tamin’ny Andron’ny Pentekosta hoe, “Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, aoka hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy ho an’ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny fanomezan’ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an’ny zanakareo, ary ho an’ireo izay lavitra, arak’izay hantsoin’ny Tompo Andriamanitsika.”

¹⁷¹ “Tompo, tsapako fa marina izany.” Sombintsombiny iray izany. Avia. Izay ihany no tokony hataonareo. Avia.

¹⁷² Vonona handray an’ireo sombintsombiny ve isika? Vonona ny hanetry ny tenantsika ve isika? Izany izy. Vonona ny hanetry ny tenany izy. Ny finoana dia manaiky foana ny Teny ho marina. Ny finoana dia manetry tena foana. Manetry ny tenany ny finoana. Ankehitriny, ireo sombintsombiny fotsiny no notadiaviny.

¹⁷³ Diniho izay nolazain’i Jesosy. “Noho izany teny izany, noho izany teny izany hoe, ‘Vonona ny handray an’ireo sombintsombiny aho, Tompo.’ Noho izany teny izany, dia

sitrana ny zanakao. Mahazo ny fangatahanao ianao satria mino an'izany.”

¹⁷⁴ Ny finoana dia manaiky fa marina ny Tenin'Andriamanitra. Ny finoana dia manaiky an'ireo zavatra rehetra ireo.

¹⁷⁵ Marta, Maria; manerana ny Baiboly dia afaka miantso maro isika; ilay vehivavy Sonemita. Zavatra sy tranga maro no azontsika antsoina. Tsy manam-potoana isika. Ny amin'ity, dia manana eo amin'ny pejy dimy eo aho eto, voasoratra mikasika an'ireo olona, ankehitriny, izay nanatona mba hahazo an'ireo sombintsombiny. Fa ndao dinganintsika iray minitra fotsiny izany. Tsapako fa akaiky ny Fanahy Masina. Tsy mihevitra aho fa ilaina izany.

¹⁷⁶ Mamelà ahy hanome anareo fahatsapana kely anankiray fotsiny. Nanoratra an'ilay zavatra kely ato ny Business Men, ilay lahatsoratra kely vao tsy ela akory izay, tao amin'ny magazin'izy ireo. Ary tsarovy, fa rehefa manao zavatra hatao printy ianareo, dia tsaratsara kokoa aminareo ny ho afaka hanohana an'izany. Manana an'izany izahay, fanambarana voarakitra avy amin'ilay dokotera. Mahamarika aho, ato ampiangonana izao hariva izao, olona Espaniola vitsivitsy.

¹⁷⁷ Tany Mexico City aho, ary nanana fivoriana iray lehibe izahay. Teo amin'ny hariva telo teo aho no tany. Ary nisy lehilahy iray izay antsoiko hoe Mañana. Tokony ho naka ahy izy tamin'ny enina ora, fa teo amin'ny sivy teo izy vao naka ahy. Ary izaho isan'andro, satria tena niadana izy, dia nilaza aho fa izy dia “rahampitso.” Hitanareo? Ary rehefa tonga teo amin'io kianja boribory goavana izay nitoriako teny io izahay, dia tsy maintsy nampakatra ahy teo ambony tohatra iray teo izy ireo, avy eo dia nampidina ahy tamin'ny tady, nidina teo amin'ny lampihazo.

¹⁷⁸ Ny hariva talohan'io, dia nisy lehilahy Meksikana iray izay tonga tao amin'ilay fivoriana. Ary ilay lehilahy antitra, avy ny orana, tahaka an'izany ilay izy, ary tonga teo amin'ny lampihazo izy, jamba. Ary tonga izy. Nijery aho. Nanana kiraro tsara aho, ary palitao sy pataloha tsara. Ary ilay lehilahy antitra mahantra, tsy nikiraro, rovidrovitra tanteraka ny patalohany. Ary teneniko aminareo hoe iza no mpandika teniko, ianareo olona dia mahafantatra azy; Rahalahy Espinosa, any Sacramento eto, California, rahalahy Pentekotista. Izy no nandika teny. Izahay dia nanana saiky, tao anatin'ny hariva roa, heveriko saiky manodidina ny telo na efatra alina niova fo avy tamin'ny Katolisisma, ho amin'ny Kristianisma sy ny Fanahy Masina.

¹⁷⁹ Ary tonga teo amin'ny lampihazo ity lehilahy jamba antitra ity. Ary raha tsy mahatsapa ho an'ireo olona ivavahanareo ianareo, dia tsy ilaina ny mivavaka ho azy ireo. Tsy maintsy mahatsapa ny tenanareo eo amin'ny toeran'izy ireo ianareo. Dia nieritreritra aho hoe, “Raha mbola velona ny dadako antitra, dia ho efa saiky eo amin'ny taonan'io lehilahy antitra io izy. Indro

izy. Tsy manana kiraro izy.” Ary tsy nanao lobaka izy. Palitao tonta, rovidrovitra, feno vovoka; satroka tonta iray no teny antànany, nozairina tamin’ny tady. Angamba tsy mbola nanana sakafo mendrika mihitsy ilay lehilahy antitra teo amin’ny fiainany. Ary noho izany dia efa lozabe toy ny ahoana ny anjara taminy, indro izy mivembena ao anatin’ny fahajambana. Fotsy ireo masony.

¹⁸⁰ Nijery an’ily lehilahy antitra aho, ary izaho—napetrako nanodidina azy fotsiny ny sandriko. Ary tsy nandika an’ily vavaka Rahalahy Espinosa. Izaho—hoy aho hoe, “Ray any Andanitra, raha afaka hanome azy ny kiraroko aho, dia ho esoriko haingana izy ireo mba tsy hisy olona hahita azy ireo, homeko azy ny palitaoko, handefa azy eny an-dàlana. Saingy lehibe lavitra noho izaho izy. Fa, Andriamanitra, mamindrà fo aminy. Avereno aminy ny fahitany.”

¹⁸¹ Nihorakoraka izy hoe, “Gloria a Dios.” Nijery ny manodidina aho. Afaka nahita tsara tahaka ny nahafahako izy.

¹⁸² Ny hariva manaraka dia nisy talantalana iray teo, na fametrahana-damba, lava tahaka an’ity tranobe ity, saiky *izao* ny haavony, tsy nisy afa-tsy aron’akanjo tonta sy akanjo tonta rovidrovitra.

¹⁸³ Ratsy lanja ny toe-karen’i Mexico. Pedro angamba dia mahazo...mpanao trano biriky izy, mety mahazo enina ambin’ny folo pesos isan’andro. Fa mila asa efatra andro hividiana kiraro ho azy. Fa tsy maintsy manangona betsaka amin’izany izy mba handoavana, pesos maromaro, ho an’ny labozia iray hodorana eo amin’ny alitara volamena iray tapitrisa dolara nohon’ny fahotany. Izany no mampitraotra ahy.

¹⁸⁴ Mahita an’ireo olona sarobidy ireo, tonga eo izy ireo amin’ny sivy ora maraina. Tsy misy seza, hipetrahana. Nifampiankina izy ireo, tahaka ny ondry ao anaty kijana iray. Avy ny orana! Ireo vehivavy, nitsangana, ny volony mitsontsorika, kotsa tanteraka, miandry ny andro manontolo ao amin’ny masoandro mahamamy na orana, mba handre ny Tenin’Andriamanitra fotsiny. Oh, inona no hataon’izy ireo rehefa hitsangana miaraka amin’izy ireo i Phoenix amin’ny Andron’ny Fitsarana, fa, ireo fiangonana tsara hatraiza hatraiza, nefa tsy afaka manangona azy ireo akory aza ianareo?

Nitsangana teo izy, na nitsangana izy, raha ny marina, niaraka tamin’ny fahitany.

¹⁸⁵ Rehefa tonga aho tamin’io hariva io, dia avy be ny orana. Rahalahy Jack Moore, maro aminareo no mahafantatra azy, Rahalahy Espinosa, maro amin’ireo rahalahy, no teo amin’ny lampihazo. Ary i Billy, ny zanakolahy, mazàna dia izy no mizara an’ireo karatra fangataham-bavaka. Ary tsy nahay niteny Espaniola tamin’ireo olona ireo izy, noho izany dia tsy maintsy namela an’i Mañana hanao an’izany izy. Fa nandeha

nanodidina fotsiny izy mba hahita fa tsy nivarotra karatra fangataham-bavaka iray i Mañana. Noho izany dia eo no tsy maintsy arahanay maso, fantatrareo, mikasika ny fivarotana karatra fangataham-bavaka iray. Noho izany dia nanara-maso azy fotsiny izy. Dia nandeha izy ireo ary nanara-maso sy hahita fa nanolotra an'ilay karatra fangataham-bavaka ho an'i *Ranona-sy-ranona* fotsiny izy, ary tahaka an'izany. Noho izany dia hoy izy . . .

¹⁸⁶ Nanatona ahy izy, nanomboka nitory teny aho. Antontany goavana be an'ny—an'ireo akanjo ireo no nipetraka teo. Ahoana no mba nahafantaran'izy ireo hoe iza no an'iza, tsy fantatro. Noho izany izy ireo dia . . . Vao avy nanomboka niteny aho, dia nikapokapoka ahy teo amin'ny soroka i Billy. Hoy izy hoe, "Dada, tsy maintsy manao zavatra ianao, io vehivavy kely etsy io." Hoy izy, "Manana mpampiditr'olona saiky telonjato aho, fa tsy afaka mihazona azy akory aza izy ireo." Zazavavy Espaniola kely bitika, saiky *izao* ny halavany, zavatra kely tsara tarehy, nanana zazakely iray maty izy teny an-tànany, tao ambanin'ny bodofotsy iray. Ary hoy izy hoe, "Efa voazaran'i Mañana ny karatra fangataham-bavaka rehetra." Ary hoy izy, "Tsy manana karatra fangataham-bavaka izy. Ary misy ny filaharana eo, efa nitsangana, ho azy ireo eo, nandritra ny adiny roa farany, miandry anao, ho tonga." Ary hoy izy, "Te-hitondra an'io zazakely maty io eto izy, ary tsy afaka mihazona azy izahay."

¹⁸⁷ Oh, eny, niakatra teo an-tampon'ireo mpampiditr'olona ireo mihitsy izy, nihazakazaka teo ambanin'ny tongotr'izy ireo mihitsy, na inona na inona. Naharitra izy. Te-ho tonga teo izy. Efa hitany fa sitrana io lehilahy jamba io, ny hariva talohan'io. Naharitra izy.

¹⁸⁸ Hoy aho hoe, "Rahalahy Moore, tsy fantany hoe iza aho. Tsy fantany hoe iza no iza. Mandehana mankeo fotsiny ianao ary mivavaha ho an'ilay zazakely. Hilamina hatreo izany. Izy . . ."

Hoy izy hoe, "Eny àry, Rahalahy Branham."

¹⁸⁹ Noho izany dia noraisin'i Billy tamin'ny sandriny izy, toy ny hoe izaho ilay izy, noho izany dia nandeha nitety ny lampihazo izy ireo. Nitodika aho. Hoy aho hoe, "Tena faly aho ny tonga eto izao hariva izao." Ary tsy hafahafa aminareo olona eto Phoenix ireo fivoriana. Teo anatrehako mihitsy dia nahita zazakely Meksikana kely iray aho, tsy nisy nify, nihomehy, tao anatin'ny fahitana iray nipetraka teto. Hoy aho hoe, "Andraso iray minitra, Rahalahy Espinosa. Mandehana mankany amin'ny . . ."

"Inona ny—inona ny olana?"

¹⁹⁰ Hoy aho hoe, "Mandehana mankeo amin'ny fanamafisam-peo." Hoy aho hoe, "Teneno izy ho tonga eto."

¹⁹¹ Hoy izy hoe, "Dada," hoy i Billy, "tsy afaka hitondra azy alohan'ireo karatra fangataham-bavaka rehetra ireo ianao."

Hoy aho hoe, “Ento eto izy. Vao avy nahita fahitana iray aho.”
 192 Noho izany, dia niantso azy izy. Ary niverina izy ireo. Indro izy tonga, miaraka amin’ny firakotra iray teny an-tànany, tahaka an’*izao*. Ary zaza kely iray no nandry tao anatiny tao, efa maty hatramin’ny vao maraina be, matin’ny aretin’avokavoka, zaza kely bitika saiky *izao* ny halavany. Ary indro izy tonga, ny ranomaso nikoriana teo amin’ny takolany, ny masonry mainty kely, ny volony nihantona, ramatoa kely tena mahafatifaty. Nihazakazaka nankeo amin’ny lampihazo izy ary nandohalika, ka nanomboka nitomany hoe, “Padre!”

Hoy aho hoe, “Mitsangàna, iray minitra fotsiny.”

193 Nieritreritra aho hoe, “Tompo, ahoana moa raha tsy ity ilay izy? Ahoana moa raha tsy ity izany? Tsy fantatro. Nahita zazakely Meksikana kely iray fotsiny aho, kely, tsy misy nify, ireo akanjo-nify keliny. Nihomehy tamiko izy, nipetraka *teo mihitsy*.”

194 Dia nitomany izy. Ary napetrako teo ambonin’*ilay bodofotsy* mando ny tànako, ary avy ny orana tamin’izany. Hoy aho hoe, “Ray any An-danitra, ity vehivavy kely ity, tsy misy fisalasalana ao an-tsaiko fa eo am-pamaliana azy Ianao.” Hoy aho hoe, “Hitako ilay fahitana, izay Fantatrao fa fahamarinana, ny amin’ny zaza kely iray. Amin’ny finoana fotsiny no anekeko fa ity zazakely ity izany. Tsy fantatro ilay vehivavy na ilay zazakely. Fa, zavatra iray, miasa amin’ny tendrony roa an’*ilay tady Ianao*.” Nametraka ny tànako teo aminy aho. Ary rehefa nametraka aho, dia nitsipatsipaka sy niantsoantso mafy araka izay azony niantsoantsoana fotsiny izy. Nesorin’*ilay reny niala taminy ilay bodofotsy, ary teo izy, velona, teny an-tsandriny*.

195 Hoy aho hoe, “Rahalahy Espinosa, aza raisina naoty izany, fa maniraha olona iray mahatoky tsara.” Ary niteny an’izany tamin’ny teny Meksikana izy, hoe ny dokotera dia nanambara fa maty ny zazakeliny, tratan’ny aretin’avokavoka, tamin’io maraina io teo amin’ny valo na sivy ora. Ary eto izany dia taorian’ny tamin’ny folo, tamin’io hariva io. Dia hoy aho hoe, “Maniraha ary makà fanambarana iray an-tsoratra, avy amin’*ilay dokotera, izay nanambara fa maty izy*.”

196 Dia nanoratra fanambarana iray ilay dokotera Meksikana ary nanao sonia an’izany hoe, “Nanambara aho fa maty ilay zazakely, tsy nisy fofon’aina na inona na inona, tao amin’ny biraoko izao maraina izao tamin’ny sivy ora.”

197 Ary eto izany dia, tamin’ny folo ora tamin’io hariva io. Ary ny ampitso maraina, dia tao amin’ny biraon’*ilay dokotera ilay zazakely mba hozahana, “Ara-dalàna, indray*.” Nahoana? Satria naharitra ilay vehivavy kely.

198 Tsy mahafantatra faharesena ny finoana. Raha misy dimy arivo mitsangana eo amin’*ilay toerana, dia tsy misy na inona na inona mahazo an’ilay toerana. Afaka nandroaka azy ny*

fiangonany, afaka nihomehy ireo mpiara-monina aminy. Fa Andriamanitra iray izay afaka nampahiratra ny mason'ny lehilahy jamba iray, ny hariva talohan'io, dia afaka nanangana ny zazakeliny, satria Izy no Andriamanitra tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

¹⁹⁹ Ary raha ity vondron'olona eto ity izao hariva izao, mpitady sombintsombiny, raha izany ianareo; dia ilay tena Andriamanitra mihitsy izay nitondra anareo teto, izay afaka nitondra anareo eo amin'ny toerana iray tahaka an'ity, ilay Andriamanitra izay namonjy anareo, ilay Andriamanitra izay afaka mameno anareo ny Fanahy Masina; izany Andriamanitra iray izany ihany no afaka mamafa ny kely tsirairay amin'ny aretina sy ny alahelo, na inona na inona ilay izy, ao amponareo izao hariva izao, raha mino an'izany ianareo. Mahareta, mikiriza, manatsora tãnana ka rambaso io sombintsombim-pinoana kely io ankehitriny, manaova hoe, "Tompo, misaotra Anao ny amin'izany. Inty aho tonga."

Hilaza ilay mpiara-monina rahampitso hoe, "Tsy sitrana ianao."

²⁰⁰ Manaova hoe, "Oh, fa sitrana aho. Sitrana aho. Nahita sombintsombiny iray aho omaly hariva tao amin'ny fiangonan'i Foursquare. Nisy zavatra namikitra tao anatiko. Tsy misy na inona na inona hampijanona ahy, intsony. Manana an'izany aho."

Ndao isika hanondrika ny lohantsika iray minitra fotsiny.

²⁰¹ Mila sombintsombiny iray ve ianareo izao hariva izao? Afaka maka an'ilay sombintsombiny ve ianareo ka maharitra amin'izany?

²⁰² Ilay sombintsombim-pinoana kely izay tonga tamin'ny—ny vehivavy kely iray, Jentilisa Grika, tsy mbola nahita fahagagana iray mihitsy teo amin'ny fiainany, mpanompo sampy iray, saingy henony fa nety tamin'olon-kafa iray izany. Mbola tsy nahita an'izany mihitsy izy, saingy nino an'izany. Ary ireo fahadisoampanantenana rehetra izay nananany, kanefa, teo amin'ny fototry ny zavatra iray tao am-pony izay niteny taminy fa afaka ho sitrana ny zanany, fantatrareo, rehefa tonga tao an-trano izy dia nahita ny zanany vavy nandry teo ambonin'ny fandriana iray. Niala taminy ilay aretina. Tsy ho an'ny tenany ihany, fa ho an'ny zananivavy izay tsy nanatrika.

²⁰³ Mila sombintsombiny iray ve ianareo izao hariva izao? Raha mila ianareo, dia hanangana ny tãnanareo fotsiny ve ianareo. Ary manaova hoe, "Tompo, sombintsombiny iray fotsiny no hany angatahiko."

²⁰⁴ O Ray any An-danitra, jereo ireto Jentilisa mpitady sombintsombiny ireto. Tsy mbola niova ny fotoana, Tompo. Nandre izy ireo. Nandre izy ireo fa manasitrana ny marary ianao. Nandre izy ireo fa ianao no mameno ny Fanahy Masina.

Manome fitsaharana ho an'ny reraka Ianao. O Andriamanitra, ekeo mba ireo eo ireo izao hariva izao izay miantsoantso tahaka an'ilay ramatoa kely sarobidy tamin'ny andro maro lasa izay hoe, "Tompo, tsy mendrika ny handray an'ireo fitahiana tahaka ny Olonao marina tokoa izahay, Isiraely, saingy mitady sombintsombiny iray izay latsaka avy amin'ny latabatry ny Tompo fotsiny izahay."

²⁰⁵ Ary izao hariva izao dia nasehonay ilay Sakafo lehibe izay Namahananao Ny Fiangonanao. Ary izao hariva izao dia tsy ny sombintsombiny fotsiny no anananay, fa asaina ho eo amin'ny latabatra izahay. Tsy mila maka an'ireo sombintsombiny marina tokoa izahay, saingy faly izahay mahazo azy ireo. Fa asaina ho eo amin'ny latabatra izahay, izao hariva izao. "Namelatra ny Latabany izay amahanana an'ireo olo-masin'Andriamanitra rehetra Jesosy. Manasa ny Voafidiny Izy ho avy ka hisakafa." Ekeo, izao hariva izao, Ray, mba ny tsirairay avy izay manana ilaina, ho tanteraka izany ilaina izany.

²⁰⁶ Ary raha mbola manondrika ny lohantsika, sy ny fonsika amin'ny fanetre-tena eo anatrehan'Andriamanitra isika, dia manontany aho hoe olona firy ao amin'ity tranobe ity, izao hariva izao, no tsy voavonjy, fa raha ho avy Jesosy ka izao tontolo izao ho tonga eo amin'ny fiafarany izao hariva izao, ary ianareo dia, vonona ny haka an'ilay sombintsombim-pinoana kely izay napetraka ao am-ponareo ianareo, ka hanatona eo amin'ny latabatra izao hariva izao, manolotra ny sombintsombim-pinoana kelinareo eo anatrehan'Andriamanitra, ary te-hanao an'izany, hitsangana fotsiny ve ianareo ka ho tonga eto, ary hamela anay hivavaka ho anareo eto amin'ny alitara?

²⁰⁷ Ho avy tsy misy hatak'andro ve ianareo? Manatona fotsiny. Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko. Hisy olon-kafa ho avy ve? Homba anao anie ny Tompo, ry anabaviko. Tongava eto fotsiny. Hisy olon-kafa ve eto izay mila sombintsombiny iray, hanatona eo amin'ny latabatry ny Tompo fotsiny? Manaova hoe, "Tompo, tsy mendrika ny ho avy aho. Izaho dia—izaho dia. . . alika iray aho. Izaho fotsiny dia. . . Tsy mendrika mihoatra noho io vehivavy io aho, fa ho avy ho an'ny sombintsombiny iray fotsiny aho." Ho avy ve ianareo, ry sakaiza mpanota? Avia. Mety ho izao no fotoanareo farany.

²⁰⁸ Hitanareo ve hoe ahoana izao tontolo izao amin'izao andro izao? Tsy te-ho avy intsony ny olona. Zara ianareo raha afaka mandresy lahatra azy ireo. Ny Filazantsara, toy ny hoe, lasa mankany amin'ireo saha.

²⁰⁹ Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko tsara. Andriamanitra hitahy anao. Mahafinaritra izany. Mitsangana eto mihitsy vetivety fotsiny.

²¹⁰ Olon-kafa handray ny—ny toerana ilany eto, ka hanao hoe, "Mitsangana miaraka amin'ity lehilahy ity aho." Ny Tompo

hitahy anao, anaka. Andriamanitra hitahy anao. Marina izany. Tongava avy hatrany, manaova hoe, “Mila sombintsombiny iray aho, Tompo. Sombintsombiny iray dia mety tsara ho ahy. Nisy zavatra nikasika ny foko. Mandroso aho ankehitriny.” Andriamanitra hitahy anao, anaka. Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko. Mitsangàna eto mihitsy.

²¹¹ Olon-kafa iray mahatsapa sombintsombiny kely ao am-ponareo, an’ny finoana, izay hitaona anareo hanatona ny latabatra ankehitriny. Ho avy ve ianareo miaraka amin’ireto lehitahy tanora efatra mitsangana eto ireto, miandry? Nitory mikasika ny vehivavy iray aho izao hariva izao, nefa lehilahy no tonga. Ahoana ny amin’izany, ranabavy? Ianareo ve tsy ho avy, ihany koa, ho an’ily sombintsombiny? Manana an’io finoana kely io ve ianareo izay miteny aminareo fa diso ianareo?

Manavao hoe, “Eny, tsy fantatro hoe inona ny sombintsombiny iray, Rahalahy Branham.”

²¹² Ny sombintsombiny dia izay ao am-ponareo ankehitriny, izay miteny aminareo fa diso ianareo. Tokony hibebaka ianareo. Avia, tsy ho avy ve ianareo? Mitsangàna ary manatona moramora, haingana mihitsy, eo amin’ily loharano feno Rà. Tsy handroso ve ianareo? “Diso aho, rahalahy. Mivavaha ho ahy.” Tongava. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy ianao.

²¹³ Olon-kafa iray? “Mila sombintsombiny iray fotsiny aho, Tompo. Ity sombintsombiny kely ato am-poko ity, tonga aho hanolotra azy ankehitriny.” Ho avy ve ianareo?

²¹⁴ Ankehitriny misy anankiray ve eto izay niverin-dàlana, nanalavitra, ary te-ho avy ianareo, ho avy ve ianareo ankehitriny?

²¹⁵ Ny sasany tsy manana ny Fanahy Masina, tsy nandray ny Fanahy Masina ve ianareo? Oh, ry sakaiza, raha natao ho tena misy aminareo ity Hazavana ity, amin’ny andro farany, dia tsy ho avy hitsangana koa ve ianareo? Mety ho ity no fotoana izay io faniriana lehibe ao am-ponareo io, zavatra izay miteny aminareo hoe, “Mino aho fa hanome ahy ny batisan’ny Fanahy ny Tompo izao hariva izao. Te-ho avy aho, hitsangana.” Tongava manodidina ny alitara. Hanao an’izany ve ianareo? Mitsangàna miaraka ho an’ny vavaka, ianareo izay mahatsapa sombintsombiny kely iray, hoe, “Mila ny Fanahy Masina aho.” Raha afaka tonga avy any Ohio ny lehilahy iray, tonga hatreto tamin’ny fiaramanidina haingam-pandeha iray. Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Grant. Afaka tonga avy any Ohio ny Presbyterana iray, hatreto, tamin’ny fiaramanidina haingam-pandeha iray mba hitsangana eo amin’ny alitara, dia ahoana ny amin’ireo olona eto Phoenix?

²¹⁶ Andriamanitra hitahy anao, ry anabaviko. Mitsangàna eto mihitsy vetivety fotsiny. Tsy ho avy ve ianareo?

Nosintonina avy tamin'ny làlan-dràn'Imanoela,

²¹⁷ Tsy ho avy eo amin'izay isokafan'ilay Loharano ve ianareo izao hariva izao, feno an'ireo zava-tsoan'Andriamanitra fotsiny? Manontany aho, raha mbola miandry vetivety fotsiny isika, azo antoka fa misy mihoatra noho izao ato, izay vonona ny haka an'ireo sombintsombiny. Tokony hisy tokoa. Tsy ho avy ve ianareo? Ataovy fotsiny izay angatahiko aminareo, indray mandeha. Raiso am-pahatsoram-po ao am-ponareo fotsiny izany, manaova hoe, "Mandroso aho. Izao no fotoana ahatongavako. Avy aho, na ahoana na ahoana." Andriamanitra hitahy anareo, ranabavy. Tena tsara izany. Miandry izahay ankehitriny, am-paharetana, ny ahatongavanareo.

²¹⁸ Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny raha miandry isika, hihira an'ity hira fideran'ny fiangonana ity.

Misy loharano iray feno Rà,
Nosintonina avy tamin'ny an'Imanoela . . .

²¹⁹ Tsy ho avy ve ianareo ankehitriny? Tsy haka ny sombintsombinareo ve ianareo ka ho avy?

. . . ambanin'io riaka io

Raha mila ny Fanahy Masina ianareo, dia tsy ho avy ve ianareo, midira ankehitriny?

Veriny ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra,
Veriny ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra;
Ary ireo mpanota mitsoboka ao ambanin'ny . . .

Avia, ry sakaiza.

Veriny ny rehetra . . .
Ilay mpangalatra teo am-pahafatesana dia nifaly
nahita (. . .? . . .eto amin'ny alitara mihitsy. Ary
ianao . . .? . . .)

. . .na dia ratsy aza izy,
Hanasa ny fahotany rehetra . . .

Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko. Tahaka an'izany no anaovana azy.

²²⁰ Manontany aho raha ho avy eto ireo mpitoriteny ankehitriny hitsangana eto miaraka aminay. Ireo mpitoriteny ato amin'ny tranobe, avia mitsangana eto miaraka aminay, iray minitra ankehitriny, ireo mpampianatra izay—izay liana amin'ireo fanahy very.

. . .enga anie aho, na dia ratsy tahaka azy aza,
Hanasa ny fahotako rehetra.

²²¹ Manontany aho raha misy mpitoriteny eto, mpampianatra ao amin'ny Teny, izay te-ho avy. Tsarovy, fa ireo fitodiana Mandrakizay dia nanapahan-kevitra izao ankehitriny izao. Misy eo amin'ny olona fito na valo, folo no mitsangana eto. Ary fantatrareo ve ny dikan'izany? Ny fanahy anankiray dia izao

tontolo izao iray alina no teti-bidiny. Tsy tokony ho raisintsika am-pahamaivanana izany.

²²² Ankehitriny, ianareo izay marary, ka mila ny vavaky ny finoana ho anareo, hitsangana fotsiny eo amin'izay misy anareo mihitsy ve ianareo, izay marary sy manana ilaina. Tsara izany.

²²³ Ankehitriny, ry rahalahiko mpitoriteny, tsara mihitsy izany, apetraho eo amin'ireo olona ireo ny tanaanareo.

²²⁴ Ankehitriny, ianareo olona marary, mitsangàna miaraka somary mifanakaiky kokoa, mba ahafahanareo mifametra-tànana. Ankehitriny, hoy ny Baiboly, taminareo marary hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Tokony ho mpino iray ianareo, raha tsy izany dia tsy ho nitsangana ianareo. "Raha mametraka ny tånany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Fantatrareo fa marina izany. Izany no Soratra izay tsy mety diso.

²²⁵ Ary ho an'ireto mivalo manatona ny alitara ireto, ireo rahalahiko sy anabaviko izay manatona ny alitara izao hariva izao, olombelona mety maty izay mahafantatra fa tsy maintsy hiatrika an'Andriamanitra ianareo indray andro any. Ny Baiboly dia nilaza fa ny fahotan'ny olona sasany dia mialoha azy, ny sasany manaraka. Miaiky ny anareo ianareo izao hariva izao, hoe hialoha anareo ny fahotanareo, ary ho voavela amin'ny alàlan'ny Ràn'ny Tompo Jesosy.

²²⁶ Ary ianareo eto izay mitady ny batisan'ny Fanahy Masina, Andriamanitra no nanao ny teny fikasana ao amin'ny Asa 10. Mamaky isika hoe, "Raha mbola nilaza an'izany teny izany Petera, dia nilatsaka tamin'izay nandre an'izany ny Fanahy Masina." Tena noana izy ireo! Ankehitriny, noana ianareo. Nentinareo teto io sombintsombiny kely io. Ndao isika ankehitriny haka tena sakafo feno iray an'ireo fitahian'Andriamanitra. Ho anareo izany rehetra izany.


²²⁷ Ankehitriny, ianareo olona izay mino ny vavaka, ndao isika hiaraka hanondrika ny lohantsika fotsiny ka hivavaka ankehitriny ary hino. Ankehitriny, adinoy fotsiny izay manodidina anareo. Fantaro fa tsy misy olona manodidina anareo afa-tsy i Jesosy Kristy. Ary ny tsirairay avy mivavaha amin'ny fomba fanaonareo, amin'ny fomba fivavaka mahazatra anareo. Ary, rahalahy, apetraho eo amin'ireo olona ireo ny tanaanareo, ka ndao isika hino ankehitriny fa ho avy ny Fanahy Masina ka hanatanteraka an'ireo zavatra izay angatahintsika ireo.

²²⁸ Ry Rainay any An-danitra, tsy mahatsapa izahay fa foana ny fijoroanay eto. Misaoatra Anao izahay ny amin'ireto fanahy ireto. Fantatray fa eto Ianao ankehitriny hamonjy azy ireo. Mivavaka aho mba Hanekenao an'izany, Tompo. Enga anie ny finoan'izy ireo hijery any ankoatry ny aloka. Enga anie ireto mitady ny Fanahy Masina ireto, izay manana an'ireo tanaan'ny

mpino mipetraka eo amin'izy ireo, ny marary sy ny ory, enga anie ny herin'Andriamanitra hiditra ato amin'ity tranobe ity, aloha-sy-aoriana an'ireo lâlantsara ireo, ary amin'ny alàlan'ireo olona ireo. Ary vonjeo ny mpanota tsirairay, fenoy ny Fanahy Masina ny mpino tsirairay, ary sitrano ny olona marary tsirairay. Ekeo ireo zavatra ireo, Tompo. Mino aho fa eto Ianao, ary Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Tsy mety diso ireo Fampanantenanao.

²²⁹ Mino izahay fa Ianao no naniraka Ny Fiangonanao, ka nandeha nankany an-tanànan'i Jerosalema izy ireo. Niakatra nankao amin'ny efitra ambony izy ireo, ary tao, nitohy foana, nidera sy nisaotra an'Andriamanitra. "Ary tampoka teo dia tonga avy any An-danitra ny feon'ny Rivotra mahery mifofofoto, ary nameno ny trano izay niangonan'izy ireo Izany." Ianao no tsy miova, ary afaka manao an'ilay zavatra iray ihany Ianao. Aoka ny hery, izay nidina tamin'ny andron'ny Pentekosta, hanao batisa an'ity vondron'olona ity izao hariva izao, amin'ny herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy. Izany vavaka izany dia atolotro amin'ny Anaran'i Jesosy, ho an'ireto olona ireto, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra.

²³⁰ Atsangano ny tàmnanareo ankehitriny. Efa nivavahana ny vavaky ny finoana, ny vavaky ny finoana an'ny famelàna. Atsangano ny tàmnanareo ka manaova hoe, "Deraina ny Tompo." Manomboha midera Azy sy misaotra Azy fotsiny. Iaikeo fotsiny ny fahotanareo. Iai- . . . Minoa amin'ny fonareo rehetra. Atsangano amin'Andriamanitra ny tàmnanareo, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo Jesosy. Mino aho, amin'ity minitra ity, fa manome ahy ny Fanahin'ny Tompo Ianao, nanao batisa ahy tamin'ny Fanahy Masina Ianao ary nanome ahy an'ireo fitahiana."

Eny àry, ranabavy, avia . . . ? . . . 

63-0113E Fikirizana
Foursquare Church
Phoenix, Arizona U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-
printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy
misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy
Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy
lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba
nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho
fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny
Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo
raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org